



ANJERIMANONTOLON'I TOLIARA
TOERAM-PAMPIANARANA AMBONY MOMBA NY TENY AMAN-TSORATRA
SY NY SIANSA MAHA-OLONA
SAMPANA TENY SY LAHABOLANA ARY RIBA MALAGASY



NY FANABEAZANA MIAINGA AMIN'NY TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA ATY AMIN'NY FARITRA ATSIMO ANDREFANA

Boky voalohany : FANADIHADIANA

"Mémoire de maîtrise ès lettres

LITERATIONA

Nataon'Andriamatoa SIMEONA Tsianenenana

Teo ambany fitantanan'Andriamatoa RASOLOFOMASY Simon Seta

Maître de Conférences eto amin'ny Oniverisiten'i Toliara

Taona 2008 - 2009

22 Septembre 2009

TENY FANOLORANA

Rariny loatra, raha fisaorana no atolotray ireo ankolafin-kery rehetra niara-nifarimbona sy nifanohana taminay teo amin'ny fanatontosana ity asa fikarohana ity.

Voalohany indrindra dia ny fisaorana an'Andriamanitra, izay tompon'ny lahatra sy ny lamina rehetra. Izy no nanome tombon'andro sy fahasalamana ary saina nahafahana nanatontosa an'izao asa izao.

Tolorana fisaorana feno ny mpitantana anay, Andriamatoa RASOLOFOMASY Simon Seta, izay tsy nitandro hasasarana teo amin'ny fitarihana amin'ny lalan-kizorana. Eny, fa na dia nitady hitolefika aza ny tenanay, dia tsy mba nahitan-tsoritra fahakiviana ny tavany, fa vao mainka nampitsangana sy nitantana tsikelikely anay mandra-pahatongavana amin'izao fenitra izao. Fisaorana mitafotafo ihany koa no atolotra an'Andriamatoa RIEL Jean, izay nanaisotra ny zavona sy nanome tehina hahafahana mijoro manoloana ny asa fikarohana.

Tsy hadinoina ny misaotra ireo mpampianatra mpikaroka rehetra eto amin'ny SAMPANA MALAGASY, izay nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka. Izy ireo manko no namolavola sy nampianatra anay mba ho afaka hianika sy hamakivaky ny dingana maro samihafa ato amin'ny SAMPANA. Tsapanay tokoa, fa izao no tanteraka dia noho ny fisian'ny fifarimbonana sy ny fanaovana soroka miara-milanja teo amin'izy ireo, ka nanolorany anay fahaizana amam-pahalalana.

Dia toy izany koa ireto tompon'andraikitra rehetra eto amin'Anjerimanontolon'i Toliara. Ny fahalemam-panahy izay anananareo no nanamora tsy nisy sakatsakana ny fanatontosana ny fianarana. Enga anie, mba ho lava fanapahana amin'ny adidy sy ny andraikitra izay iantsorohanareo ianareo.

Ankasitrahana eram-po eran-tsaina ireo angady nananana sy vy nahitana ny akora notrandrahina, toa an-dRamatoa Nosy, Dokotera Andry sy Andriamatoa Olivier ary Andriamatoa RAKOTOHARINIRINA Honoré Judson.

Isaorana farany etoana ireo tapaka sy namana, zoky zandry, Ray aman-dreny, fa indrindra ny vady aman-janaka, izay tsy nitsahatra namporisika tamin'ny fikelezana aina teo am-pamitana ny fikarohana.

Andriamanitra ao an-tampon'ny loha anie no hamaly soa aminareo tsirairay.

TENY FAMPIDIRANA

Raha faritana ny literatiora, dia izay lahateny rehetra nentin'ny olona naneho ny fihetseham-pony na fihetsehan-tsainy teo anoloan'ny zavatra miseho na tsapany tamin'ny tenany na tamin'ny manodidina azy. Voafaoka ao anatin'izany avokoa ireo lahateny voaraikitra na tsy voaraikitra. Tsy mifarana eo anefa ny zotra lalovan'ny vokatra, fa mbola miverina indray any amin'ny manodidina izay niforonany. Izany no mahatonga an-dRAYMOND (1981 : 70) nanantitrantitra azy hoe :

« Avy amin'ny fiaraha-monina no anovozana ny aingam-panahy ary averina ho any amin'ny vahoaka ihany »¹

- Fanolorana ny lohahevitra.

Maro ny karazan-dahateny izay samy afaka mamerina izany aingam-panahy izany any amin'ny vahoaka, saingy ny Tantara tsangana « no nametrahanay safidy mba hohadihadina anatin'ny lohateny hoe : « NY FANABEAZANA MIAINGA AMIN'NY TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA ATY AMIN'NY FARITRA ATSIMO ANDREFANA ». Lahateny soratana ny tantara tsangana, nefa atao am-bava rehefa lalaovina an-tsehatra. Ny tsy nahita fianarana no tena mankasitraka io lahateny am-bava io.

Fa alohan'izany rehetra izany, dia tsara ny anambarana etoana ny antony nampiantefa ny safidinay amin'io lohahevitra io.

- Ny antony nisafidianana ny lohahevitra sy fanehoana ny faritra.

Anisan'ny politikam-pirenena eto amintsika ny fiarovana sy ny fikolokoloana ny zavaboary. Tsapa manko fa avy amin'ny fahasimban'ny Tontolo Iainana no fototry ny fijaliana sy fahavoazana maro mianjady amin'ny mpiara-belona. Mitaky fanabeazana atao amin'ny tsirairay anefa izany vao tafarina. Noho izany, dia samy nifaninana daholo ny Faritra roa amby roapolo (22) eto Madagasikara nanatanteraka ny baikom-pitondrana nomena azy. Ka hoy ny gazety AKO laharana faha 05, p.2, manamarina izany:

¹ C'est dans le peuple qu'elle (George Saud) chantait son inspiration, c'est au peuple qu'elle destinait ses oeuvres

“Ny fanabeazana ho fikajiana sy ho fiarovana ny zavaboahary ary ho fanatsarana sy ho fikoloana ny Tontolo Iainana, dia miainga amin’ny asa fandinihana ny zava-misy, mijery sy mamantatra ny olana ary mitady ny vaha-olana”.

Koa tsy maintsy ampahalalaina ny vahoaka ny zava-misy manodidina azy mba hahafahany mandinika sy mitady vahaolana mankany amin’ny fampandrosoana.

Satria vitsy ny mahay mamaky teny amin’ireo olona monina any ambanivohitra any ireny, dia ny Tantara Tsangana manainga fototra² no nosafidianin’ireo fikambanana na orinasa miaro ny Tontolo Iainana ato anatin’ny Faritra Atsimo Andrefana mba hoentina hanatanterahana ny fanabeazana ny olona hahay miaro sy hanatsara ny lafim-piainana rehetra manodidina azy. Hitovy tantana ny fandrosoana ao anatin’ny Faritra raha miroborobo io fomba anankiray manainga ny olona any amin’ny ifotony io. Tsy izany ihany, fa mahatsiaro ho tompon’andraikitra koa ny tenanay, satria miasa ao amin’ny fanabeazana ara-tontolo iainana

Raha izany ny antony nisafidiananay io lohahevitra io, dia ampahalalainay mialoha etoana ireo olana izay tsy maintsy hovahana

- Petraka olana

Nanaraka ny fepetra amin’ny famoronana tantara tsangana ve ireo tantara tsangana voaangona ireo, ary afa-milahatra amin’ireo tantara tsangana efa voasedra ka misalotra ny anarana literatiora?

Fivoarana amin’ny tonga lafatra kokoa ve raha oharina amin’ny teo aloha ny fanatontosana ny “tantara tsangana manainga fototra” ankehitriny?

Misy vokany haingana azo tsapain-tanana ho an’ny vahoaka any ambanivohitra ve ny hafatra ampitain’ny “tantara tsangana manainga fototra”?

Alohan’ny hanehoanay ny vokatry ny fanadihadiana an’io lohahevitra io, dia tsara aloha ny anolorana ny fomba fandinika nampiharina

- Ny Fomba fandinika nampiharina

Araka ny voaresaka eo ambony dia ny fiaraha-monina no loharano anovozan-kevitra sy amerenan-kafatra, fa tsy manakatra zava-baovao hafa ivelan’ny tontolon’ny

² Tantara lalaovina an-tsehatra amin’ny toerana malalaka, ka entina mitety vohitra, fa indrindra ny any amin’ny fototra izay mbola misy sakana eo amin’ny fampandrosoana

fiaraha-monina hosoratana. Ny zava-misy no ambara mivantana na soratana amin'izay fomba enti-milaza azy. Araka izany àry, dia tsy vakoka ny tantara tsangana manainga fototra, fa maneho ny zavatra iainan'ny olona ao anatin'ny fiaraha monina ao, ka ny fandinika arapiaraha-monina no nampiharina. Tsy ampy hanatanterahana ny fanadihadiana anefa izany, satria ilay tantara tsangana dia tsy voizina malalaka fotsiny fa misy foto-kevitra anontanana azy. Izany no nahatonga anay mbola nampihatra indray ny fomba fandinika ara-tara-kevitra mba hampisongadina ny hevitra tian-kambara. Na dia efa napetraka ny fomba fandinika nampiharina dia tsy maintsy manaraka drafitra tsara ny fanadihadiana atao.

- Fanolorana ny drafitra:

Nozarainay telo lehibe miavaka tsara ny fanadihadiana izay atao eto, ka ny FIVOARAN'NY TANTARA TSANGANA araka ny vanim-potoana no jerena voalohany, avy eo dia aroso koa ny FOMBA ANATANTERAHANA NY TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA ATY AMIN'NY FARITRA ATSIMO ANDREFANA, ary ny farany dia ny fanehoana NY TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA FANOITRAN'NY FANABEAZANA. Tsy hoe tapitra eo ny asa fikarohana ataonay, fa mbola mitsahatra kely aloha, mandra-pahatongan'ny fotoana maha mety azy amin'ny manaraka.

**FIZARANA I: NY FIVOARAN'NY TANTARA
TSANGANA EO AMIN'NY RAFITRA SY TARA-
KEVITRA ARY MPANDRAY HAFATRA**

Rehefa fotorina tsara ny fivoaran'ny teatra malagasy na tantara tsagana, dia tsapa tokoa fa zavatra vahiny nampidirina eto. Na dia misy aza ny fiheverana azy ho mitaha tamin'ny « hira gasy » nentim-paharazana, dia tsy hita hotetehina firy. Efa ela niainana ihany ny teatra, satria mahery ny zato taona izao no nisiany teto amintsika. Nankalaza ny fahazato taonan'ny teatra malagasy ny mpanao teatra tamin'ny taona 1999 araka ny nambaran-dRAZAFIMAHATRATRA Noro³. Noho izany, dia tany amin'ny vanim-potoan'ny fakan-tahaka (1895-1915) no nidirany voalohany teto Madagasikara. Tamin'io vanim-potoana io koa anefa, dia nisy fironan-kevitra vaovao “liberté de pensée”, izay nibahan-toerana tamin'ny vanim-potoana 1895 teo amin'ny “Haisoratra”.

Tsy misakana izay hijerena ny fivoarany teto amintsika anefa izany, fa vao mainka ahafahana mandrefy ny fahaizan'ny mpanakanto eto amintsika naka tahaka ny nataon'ny vahiny araka ny asa fikarohana nataon'Andriamatoa RAMIANDRISOA Jean Irénée.

Mivoatra hatrany ny teatra, ka natao teatra mpialoha làlana ny teo amin'ny taona 1896-1922 ary teatra klasika kosa ny teo amin'ny taona 1922-1945.

Koa alohan'ny hiresadresahana ny fivoaran'ny tantara tsangana eto amintsika, dia tsara ihany raha faritana mazava ny atao hoe teatra. Andao hindramintsika etoana ny famaritana izay nataon-dRAMIANDRASOA Jean Irénée hoe :

*« Ny teatra dia fitaovan-tserasera hilalaovana ny anjara asan'ny atao hoe « milalao » mba handovàna lesona iray izay tena ara-moraly ».*⁴

Raha izany àry no azo amaritana ny atao hoe tantara tsangana, dia ahoana amin'izay no tokony ho firafiny sy fivoarany teto amintsika ?

I-1- Firafitry ny tantara tsangana

Manana endrika nandrafetana azy sahala amin'ny zava-drehetra koa ny teatra :

- ao ireo singa ivelany, izay narafitra miantoka ny fahatanterahan'ny teatra ;
- ao ireo singa ao anatiny, izay narafitra miantoka ny fahatanterahan'ny fanoratana ny piesy.

³ RAZAFIMAHATRATRA Noro, « *Ny toetoetry ny teatra malagasy ankehitriny* », Memoire de Maîtrise, Université d'Antananarivo 2002, tak 9

⁴ RAMIANDRASOA Jean Irénée, dramaturgi du théâtre malgache classique, thèse de Doctorat du 3^{ème} Cycle Montpellier 1972, p.22 « *Le théâtre qui est un moyen de communication jouera ce rôle de « milalao » pour léguer une leçon : il sera essentiellement moralisation* » p.22,

I-1-1- Tamin'ny vanim-potoana teo aloha : Fankann-tahaka s fiforetana anaty

Arak'izay nanehoana azy teto aminsika, dia tsy tanteraka ny atao hoe “teatra” raha tsy vonona daholo ireto singa ireto :

- efa atao vonona aloha ny piesy holalaovina izay efa voasoratra ny mpanoratra;
- efa misy mpilalao an-tsehatra voatsonga ao anatin'ny fikambanana iray hanatanteraka azy, ka ahitana mpandray anjara fototra sy mpanampy ;
- tsy maintsy misy koa ny olona izay handrindra ny piesy mba ho azo lalaovina eny ambony sehatra : izy no manofana ireo mpisehatra ;
- efa voatokana mazava tsara ny efitrano malalaka ahitana sehatra ahafahana manatanteraka ny fampisehoana ;
- ny sehatra voalaza etsy ambony dia asiana lamba atao takon-tsehatra eo anoloana ;
- mbola asiana indray ravaky ny sehatra, manambara ny toerana itrangan'ny tantara ;
- ao koa ny fahazavana samihafa manazava ilay sehatra ilalaovana ;
- tsy azo hadinoina ny fitaovana sy ny fanamiana izay ampiasain'ny mpisehatra amin'ny fampisehoana ;
- ary ahitana koa zava-maneno sy aponga, mba hamparesaka ny fampisehoana sy hanarahana ny hira atao ;
- ny farany dia ireo mpijery izay anokanana ilay fampisehoana.

Tsy nangoningonina fahatany anefa ireo, fa misy lamina tsirairay mba hanatrarana ny fahombiazana eo amin'ny tantara iray, izay nosinganina avy ao anatin'ny fiaimpiainan'ny fiaraha-monina voatokana. Hoy manko i JOUBERT Jean Louis.

“Tsy misy zavatra tsy hiankina amin'ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina ka miteraka amin'izany ny fahafahana manatanteraka ny zavatra tokony hatao”⁵.

Marihina etoana fa io fiaimpiainana notsongaina avy tao anatin'ny fiaraha-monina io no miteraka famoronana piesy, izay lalaovin'ny mpisehatra. Io piesy io anefa, dia manana rafitra toy izao :

- misy ny fiantombohana, ka ahitana olana ;

⁵ JOUBERT Jean Louis, « *Littérature Francophone* » Edition NATHAN, Paris 1992, p.36 « [...] Nul genre n'est plus dépendant de la réalité sociale qui le suscite, des conditions techniques qui le permettent »

- avy eo ny vonan'ny tantara, izay ifangaroan'ny olana madinidinika sy ny fivoarany ;
- ary farany dia ny famaranana ny tantara, izay natao ho famahana ny olana na famahana ny vona.

Na dia naka tahaka aza isika dia sarotra ihany ny hilaza fa mandeha ho azy ny fifantenana sy ny fampiasana ireo singa roa tonta ireo :

Nifantoka loatra tamin'ny fakan-tahaka ny mpanoratra piesy teo aloha, farany nanandrifindrify teny arak'izay hitany. Ny voalazan-dRAZAFIMAHATRATRA Noro:

*“samy manana ny fomba fanoratany ny fanehoana izany hevitra izany anefa ny mpanoratra piesy teatraly tsirairay. [...] Ao ireo tafiditra ao amin'ny sokajy vahiny. Misy koa anefa ny ivelan'izay, dia ny fanehoan-kevitra ao anatin'ny angano sy ireo piesy maka endrika hira gasy ary ny fandikany ny piesy vahiny ho azo lalaovina eto amintsika”.*⁶

Tsy mahagaga raha tsy voalazan'ny mpanoratra piesy ny bikan'ny mpandray anjara na matavy izy na mahia, na lava na fohy. Tsy voalaza ny fitafiany na tsara na ratsy, ny endriny, ny fandehany, ny feony. Heverin'ny mpanoratra ho zava-madinika ireny. Tsy voatondro mazava ny zavatra azo aravaka ny sehatra, farany misy tsy ilaina indraindray eny ambony eny, izay foronin'ny mpanatontosa satria tsy milaza ny mpanoratra. “Fatra-panaja ny fakan-tahaka, ka ny bakiraro no atao solon-tanana rehefa hihaingo amin'ny mariazy”.

Misy ny piesy sasany tena mandika ny teatra tany France tamin'ny “Moyen âge”, ka olona vitsy ihany no mandray anjara. Saika teny lava ifamalian'olona roa no entina amaranana ny tantara hatramin'ny farany. Azontsika raisina ho ohatra nalain-tahaka ny fifamalian'i CHIMENE sy DON RODRIGUE, nosoratan'i CORNEILLE Pierre.⁷

Eny anelanelan'ny fampisehoana dia ahenana feo mozika malefedefaka. Mbetika tena misy mihira sy mandihy arahina fihetsika. Misy aza tany aloha tany dia hira ihany no iventesana ny tantara hatramin'ny voalohany ka ifamalian'ny mpisehatra eny ambony sehatra. Ohatra iray no nolazain'i Emmanuel GENVRIN sy Jean-Luc TRULES tao anatin'ny “revio” “Un opera de l'Océan Indien” ka nampitondraina ny lohateny hoe : “Maraina” tamin'ny taonjato faha 17.

Indraindray koa, toa misy ny fifamalian'ny mpisehatra eo amin'ny fitenenana miady rima, izay mitranga amin'ny teatra kilasika, araky ny voalazan-dRAZAFIMAHATRATRA Noro.⁸

⁶ RAZAFIMAHATRATRA Noro 2002, tak 146

⁷ JOUBERT Jean Louis, 1992, p.38

⁸ RAZAFIMAHATRATRA Noro 2002, tak 14

Raha atao indray mijery ny fandrafetana sy fampiasana ireo singa samihafa entina anatanterahana ny teatra, dia toa miteraka fahasahiranana ihany ho an'ireo mpanatontosa azy. Tsapa mazava tsara, fa ny anjaran'ny maso no kely indrindra amin'ny piesy malagasy. Tsy miova loatra ny fahitana azy ka tsy variana ny saina. Tsy mahagaga raha “cinéma” no nasolony azy, sady ny olona kosa anie dia mbola tsy zatra “comédie” tamin'izay, fa hira no tian'ny ankabeazany, araka ny fanambarana ao amin'ny Gazety Fandrosoam-baovao.⁹ Ny hira sy ny teny, izany hoe : ny anjaran'ny sofina no azoazony.

I-1-2- Amin'ny androm-pivoarana: Vanim-potoana mitady ny very sy ny ankehitriny

Mbola voatazona ihany ny ankabetsahan'ireo karazan-javatra maro izay hita teo amin'ny teatra taloha. Ohatra amin'izany ny fisian'ny mpandray anjara sy ny toe-javatra ao amin'ny tantara saingy betsaka no omena anjara, ny mpanatontosa ny piesy eny ambony sehatra sy ny mpanoratra azy, ny hetsika ataon'ny mpisehatra izay nomen-danja bebe kokoa. Toa ahitana fanitsiana ihany mba hifanaraka amin'ny zava-misy ny singa sasantsasany. Ny Fikambanan'ny Mpanao Teatra Malagasy (FMTM) no anisan'ny nandray anjara tamin'ny fanavaozana ny teatra kilasika. Nisava ho azy ny zavona nanarona ny mpanao teatra, satria nihamazava tahaka ny tara-masoandro vao maraina taminy ny zavatra kendrena. Foana hatreo ny fanaovana tandrifindrify ny zavatra hita ataon'ny mpanao teatra vahiny. Izany dia efa ezaka lehibe mankany amin'ny fanomezan-danja ny anjaran'ny maso.

Raha tarafina izany fiovana izany, ohatra ny fandravahana ny sehatra dia maivana na koa nosoloana sary eny amin'ny vody sehatra. Tsy natao mavesatra intsony moa izy io na foanana mihitsy aza, mba hialana amin'ny fahasahiranana raha misy ny fifindrandran-toerana. Ny hazavana ampiasaina koa dia atao amin'ny endrika roa no fisehony : ao ny fahazavana ampiasaina mandritra ny fampisehoana ny tantara na hira, ao ny fahazavana arehitra aorian'ny fizarana iray eo amin'ny tantara. Mety misolo ny “ridao” manakon-tsehatra izy eto satria velomina aorian'ny fizarana amin'ny tantara. Eny, fa na ny aponga veleзина rehefa hanokatra ny ridao manakon-tsehatra dia efa mahalana ny fampiasana azy. Ny piesy koa dia tsy voatery ho telo hatrany ny fizarany amin'izao fotoana izao, fa ny tandremana dia: “Avy amin'ny famadibadihana ny toe-javatra ihany ny famaranana ny tantara” araka ny voalazan'i TOUCHARD (P.A.)¹⁰

⁹ Auteur anonyme : In Gazety Ny Fandrosoam-baovao 23 et 30/04/1925, N° 15 et 16

¹⁰ TOUCHARD P.A, L'amateur de théâtre, Edition Senal, Paris 1968, p 177

Ka ny ao anatin'ny ao dia tsy misy hira ny ankamaroany, na misy aza dia tsy mitovy amin'ny piesy taloha intsony ny lanjany, fa famenoana ny resaka ny anaovana azy. Ny fitaovana ampiasain'ny mpisehatra kosa dia tsy maintsy atao vonona fa tsy soloan-dresaka fotsiny rehefa tsy misy. Torak'izany koa ny fanamiana entina miseho sehatra dia miavaka araka izay ilaina azy, sy ny toetoetra ananany mbamin'ny fihetsika ataony. Tsy misy anjoanjo intsony ny varavarana idirana sy ny ivoahana rehefa mampiasa ny sehatra. Ireo rehetra ireo dia tsy tomombana fa miankina amin'ny fomba fanoratra ny mpanoratra, toy ny fahaizany manambatra ny zavatra nentina namorona ny piesy, ny fomba fandaharana ireo singa hita ao amin'ny piesy na teny izany na fihetsika,... ny filazan-javatra mba hifandray ireo singa maro samihafa ao amin'ny piesy ireo. Raha tsorina dia izao :

- Izay zavatra misy dikany mifanaraka amin'ny tantara lalaovina no andravahana ny sehatra ;
- Mitondra fanamiana maneho hevitra sy afaka manambara ilay sokajin'olona tian'ny tantara havoitra ny mpisehatra;
- Mpandray anjara mahay mampiasa ny fitaovana ilaina amin'ny tantara, ka mirindra manara-kevitra tsara sy mahay mifantana ny teny mbamin'ny fihetsika mahalaza hevitra mazava no atrehina.

Tsy tanteraka anefa ny teatra na eo aza ireo singa rehetra voalaza teo aloha ireo raha tsy eo ny mpijery. Mpijery afaka mitsara sy mitsikera no hita ankehitriny satria mahatsiaro manana andraikitra koa izy ireo. Mifameno sy mifandray ary mifampiankina tanteraka manko ireo mpanatontosa ireo noho ny asa soratra.

Tsapa amin'izay àry fa tsy mety ny manao tsinontsinona ny fanomezana ny anjaran'ny maso eo amin'ny teatra. Io fahatsapana ny lanjan'ny anjaran'ny maso io indrindra no nipoiran'ny fandrafetana ny “tantara tsangana manainga fototra”, izay tsy ahitana hafa tsy ireto : sehatra, fitaovana, aro sehatra, piesy, mpilalao an-tsehatra, fanamiana ary mpijery. Toa tsy mifantoka loatra amin'ny fakana tahaka izy ity no sady amin'ny andro atoandro no matetika anatanterahana azy. Efa nahitana ny endrikendrik'io karazana teatra io ny notantarain'I JJ RABEARIVELO ao amin'ny Gazety Fandrosoam-baovao. Azo lazaina mankasitraka ny endrikendrika teatra tahaka io koa RAMIANDRASOA J. I¹¹

“[...] Ny fizarana voalohany amin'ny “Vivry tany Chine” no voatondron'ny petadrindrana, ary voalaza mialoha fa tsy misy hira io tantara tsangana io. Hatramin'izay nahatsiarovako saina ho nijereko

¹¹ Auteur anonyme : In Gazety Ny Fandrosoam-baovao 23/04/25, N° 15

théâtre dia mbola tsy tadidiko izay nahitako fahafinaretana tanteraka toy ny tamin'iny indray takariva iny...”

Afa-po tokoa izy raha samy nahazo ny anjarany na ny maso na ny sofina teo am-piatrehana ilay tantara tsangana. Fa indrindra ny “tantara tsangana manainga fototra” dia mamerina mihitsy ny fiaimpiainana andavanandro sy ny fihetsika voatokana eny ambony sehatra. Koa raha misy ny singa iray, izay mety hananosarotra ny fampisongadinana azy, dia hain'ny mpanoratra ihany no manodina ny tantara mba hialana an'izany.

Narafitry ny mpanao teatra malagasy hifanaraka amin'ny toetr'andro sy ny filana misy eto amintsika ny teatra. Nihamazava tamin'ny mpijery tsikelikely ny zavatra jereny, ka nanomboka nankafy ny ankabetsahan'ny olona.

Tsy natao hojerena fotsiny anefa ny teatra, fa misy hevitra fonosiny, ka tsara raha tsy mionona amin'ny fahalalana ny firafitryny sy ny fivoarany isika, fa hijery koa izany tara-kevitra raiketiny sy ny fivoarany ankehitriny.

I-2- Eo amin'ny tara-kevitra

Miovaova loko tahaka ny tanalahy mianika hazo ny fahitana ny tara-kevitra voizin'ny mpanao teatra, ka manaraka ny trangan-javatra izay miseho ao anatin'ny vanim-potoana iainantsika no itondran'ny mpanao asa soratra azy. Toa miendrika mpamily fiara ireo mpanoratra ny piesy teatraly amin'izany. Fa hoy RAZAFINDRAVONY Harisoa Juliette raha manamarina an'izany:

“Miara-miaky ny mpikaroka rehetra, fa ny literatiora dia mivoatra rehefa misy trangan-javatra lehibe izay mihatra amin'ny fiainam-pirenena...”¹²

I-2-1- Ny hevitra nivoizana azy teo aloha :

Somary nananosarotra ihany ny namantatra mazava tsara ny hevitra kobonin'ny teatra teo aloha. Mety ho gaga anefa ianao amin'izany : Isan'ny fototra nipoiran'ny fakan-tahaka ny “Liberté de pensée”. Tamin'ny vanim-potoana nampalaza io fironan-kevitra io indrindra no nandondom-baravarana teto amintsika ny teatra, araka ny teny efa nambara tetsy

¹² RAZAFINDRAVONY Harisoa Juliette, « *La Littérature Tambahra, une forme de la littérature Malgache contemporaine* », 2007, P. 303 : « Tous les chercheurs sont d'accord que la littérature évolue, dès qu'il y a un grand événement qui apparaît dans la vie de la nation... »

aloha. Mazava ho azy fa tsy maintsy nibahan-toerana teo amin'ny mpanao asa soratra ny fisiany. Noho izany, dia tsy zohina amintsika intsony ny fanaovana kopia izay zavatra avy any ivelany tamin'io fotoana io. Ny mampalahelo anefa, toa ny endrika ivelany amin'ny teatra ihany no tsapan'ny olona nisongadina tamin'izay natrehiny. Tsy azo tsapain-tanana niavaka loatra ny hafatra tian-kambara tamin'izany satria mitovy ihany ny voambolana nampiasain'ny antitra sy ny tanora ary ny fiheveran'ny Ray aman-dreny sy ny zanaka, na ny fihetsika ataon'ny olona tsy mitovy saranga aza dia tsy misy anavahana azy. Fanina ny mpijery rehefa manakatra ny hevitra tian'ny tantara hampitaina, satria tsy dia ny zavatra mitranga ao anatin'ny fiaraha-monina iainan'ny mpijery no aseho azy fa miankina tamin'ny fakan-tahaka avy any ivelany fotsiny. Noporofoin'i J.J RABEARIVELO izany hoe: Hita izany amin'ny “tsianjery” ataon'ny ankamaroan'ny mpanao théâtre eto amintsika : tsianjery daholo na fiteny na fihetsehana, fa tsy aina velona, tsy ain'ilay olona asehony, tsy fombany, tsy fisainany. Raha tsorina dia izao : tsy miditra tanteraka ao anatin'ny anjarany izy fa manao katro-doha fotsiny izao”.¹³ Izany fomban'ny mpilalao an-tsehatra izany dia hita ety ivelany rehefa miezaka manakatra tara-kevitra ny tantara ny mpijery. Ahoana moa no tsy ilazana fa “manao tari-baton'ny vilam-bava” izy ireo, raha tomany no tiany haseho, nefa olona homehy no tazana. Misy milaza fa hoe mijaly izy ao anatin'ny toerana lalaoviny ao anatin'ny tantara, nefa palitao madio tsara no eny an-kodiny! Tsy mahagaga raha nisy gazety nitsikera an'izany, izay mbola nambaran'i J.J Rabearivelo, manao hoe :

“Fa tsy velona araka ny tokony ho izy ny tantara tsangana atao eto, ary hita aza fa lalaon-jaza fotsiny ireny raha oharina amin'ny asa asehon'ny ankizy vazaha tsindraindray aty”¹⁴.

Tsy tokony homentsika tsiny loatra na dia nanao “bingo manao matso” ireo mpanao teatra teto amintsika tamin'izany, satria fotoana mbola nianara-namindra ny tamin'ireny.

Na dia mikiry teo amin'ny fanatsarana ny fomba fanoratra ireo mpanoratra piesy, hahazoana ny tiany hambara, dia tsapa mibahan-toerana ao koa ny firehan-kevitra ianteherany.

Ity misy ohatra iray : tsy azo lazaina nifanaraka loatra ny mpanjanaka sy ny kristianina teo aloha, saingy nitovy tanjona ihany teo amin'ny fanabeazana ny Malagasy hiala amin'ny fomban-drazany. Raha nanentana ny kristianina mba hanafoanana ny fampirafesana izay naorin'ny Ntaolo amin'ny ohabolana hoe : “Ny fanambadiana tsy nafatotra fa

¹³ J.J RABEARIVELO : 1933, Texte n° 12

¹⁴ J.J RABEARIVELO : 1933, Texte n° 12

nahandrotra” dia nosoloany : “Ny fanambadiana lamban’akoho, ka faty no isarahana”. Ny mpanjanaka kosa raha manentana indray amin’ny hanafoanana ny fandalan’ny Malagasy ny fihavanana izay nofatorany tamin’ny ohabolana hoe : “Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana”, dia nosoloany “Ny vola no maha-rangahy”. Raha dinihina izany, dia samy niezaka ny hanala ny Malagasy amin’ny fomban-drazany izy roa na dia tsy nifanaraka aza. Io fisainana io anefa dia lasa nitatra hatrany amin’ny fanoratana piesy teatraly. Satria betsaka ireo mpivavaka no nanam-pahaizana sy mpahay tantara toa an-dry RAINITOVO, no sady mpitoriteny koa; dia hita sy tsapa tamin’ny piesy voasoratra tamin’izany fotoana izany io firehan-kevitra io. Ny setrin’izany, dia vonty fananarana kristianina manomboka amin’ny voalohany ka hatramin’ny farany ny mpihaino teatra. “Moraly” hono, ka any amin’ny faran’ny tantara no tena andrarafana azy. Misy aza ilay mpandray anjara fototra amin’ny tantara dia miresaka mivantana amin’ny mpijery, ka mampita indray na manazava ilay anatra azo tsoahana avy ao anatin’ny tantara. Hoy RAMIANDRASOA J. I. manakiana an’izany.

“Fa ny tena takaitran’ny théâtre malagasy dia ity: tsy misy maha-hafa azy amin’ny toriteny any am-piangonana. Marina aloha fa na ny mpanoratra na ny mpihaino dia zatran’ny lahateny nampianarin’ny finoana¹⁵”.

Tsy ireo ihany no naneho ny fahaizany manokana, fa teo koa ireo mpanoratra izay nampideradera ny fahaizan’ny Malagasy mandaha-teny tao amin’ny piesy soratany, fa indrindra ny fampiasana ireo hain-teny sy ohabolana maro samihafa. Lasa very an-javona amin’izay ireo mpihaino ny tantara satria mifanao totoafy ny angolangan-teny entina andravahana ny foto-kevitra ny tantara. Mbola hamarinin- dRAMIANDRASOA J. I. ihany izany ao amin’ny asa fikarohany fa “tena tsara lahatra. Dia tsara iny aloha, fa indraindray tsy hita izay fotony satria lasan’ny haingon-teny ny hevi-teny”. Misy koa anefa voadokadokan’ny mpihaino tia rendrarendra ny mpisehatra ka manaraka ambokony.

Nanaovana teatra koa ny hira teo aloha. Izany hoe ny piesy no hiraina ka mifandimby na mifamaly ny mpilalao eny ambony sehatra. Matetika aompana amin’ny tantaram-pitiavana ka laroana angano izany mba higohan’ny mpijery fahafinaretana¹⁶.

Nanandrana nanoratra piesy ahitana olona mahery fo na misy mijaly na misy fahoriana ny mpanoratra. Nohalefahina tao anatin’ny herin’ny fitiavana anefa izany ka lasa

¹⁵ Auteur anonyme : 1925, Texte n° 29

¹⁶ TRULES Jean, un opéra de l’océan Indien, 1964, P3

nifandimby sy nifampidaka teny ny embona sy alahelo ary ny fahafinaretana. Sanganehana ihany ny te-handray mazava ny zavatra tiana hasongadina.

Raha fintinina ary ny tara-kevitra voizina ao anatin'ny teatra malagasy, dia hita miharihary fa tsy voafehy : Ny mpilalao an-tsehatra mikaviavia, ny mpandrindra tsy mahalala firy ny asa hataony ary ny mpanoratra tsy mamaritra mazava tsara ny zavatra tokony hatao.

I-2-2- Eo amin'ny tolona amin'ny fampandrosoana

Rehefa nihazatra tamin'ny famolahana ny teatra avy any ivelany isika, dia tsy nihambahamba intsony teo amin'ny fampiharana ny tara-kevitra miompana amin'ny “fampijaliana, mahatsikaiky, tsara lahatra andraisana anatra sy fampianarana ary fomba amam-panao ny mpanoratra”¹⁷. Aoka hotsiahivina etoana, fa ny mpanakanto dia tsy mikendry afa-tsy ny fanomezana fahafinaretana ny mpihaino azy.

Misamboaravoara araka izany àry ny saina raha hisafidy ny lalan-kizorana tondroin'ny teatra. Hoy manko ireo ao amin'ny Biraom-paritra momba ny fanbeazana aty Afrika : « Hatramin'izay, ny tantara tsangana sy ny fampandrosoana dia noheverina hifanohitra : ny fampandrosoana dia mifantoka amin'izay mahakasika ny aina, ilaina, manandanja. Fa ny teatra kosa dia tsy mijery afa-tsy ny fialam-boly sy ny filana fahafinaretana fotsiny. Ireo sakaizan'ny teatra dia mitovy amin'ireo mpiangaly teatra ihany, fa samy mbola mitazona ahiahy amin'ny fiheverana ny teatra ho any amin'ny fampandrosoana”¹⁸. Mamaly an'izany anefa Jean Louis JOUBERT hoe:

« Noheverina fa ny olona rehetra dia tokony hahita ny sarin'ny vintany ao amin'ny loza tantaraina sy hahita taratra ny fahadisoany ao anatin'ny tantara mahatsikaiky »¹⁹.

Raha tsorina izany fanambarana izany, dia mazava ho azy fa ny tantara tsangana ankehitriny dia lasa zava-kanto manefy aina, ahazoana fanabeazana mikasika ny fampandrosoana ny fiaraha-monina.

Raha izany no namaritra ny tantara tsangana ankehitriny, nametraka lasitra hoentina anatanterahana izany ny mpandinika :

¹⁷ LAUFER Roger et LECHERBONNIER Bernard, « *Littérature et langages* » Ed. Ferdinand NATHAN, Paris 1975, P.121 « Théâtre de la cruauté, baroque, classique, romantisme »

¹⁸ Brochure Projet UNESCO/ONU SIDA 2003, p.35« Pendant longtemps, théâtre et développement étaient considérés comme antagonistes : le développement s'intéressant aux questions vitales, essentielles, importantes, tandis que le théâtre n'était qu'un divertissement, un amusement. Les partenaires du théâtre, tout comme les hommes de théâtre eux-mêmes, ont tenu en suspicion le concept de théâtre pour le développement »

¹⁹ Jean Louis JOUBERT 1992, p 36 : « On a cru que tout homme devait trouver dans leurs tragédies l'image de son destin, dans leurs comédies le miroir de ses défauts ».

Ny voalohany dia atomboka amin'ny fandrosoan-kevitra ahitana fanoherana ny tantara. Avy eo, mitombo ireo sakana ka itrangan'ny sakana lehibe manohitra ny fahatanterahan'ny hevitra tian-karoso. Ny farany dia ny fivahan'ny sakana tamin'ny alalan'ny “coup de théâtre”²⁰, izay mitondra mankany amin'ny fisainana vaovao sy faharesen-dahatra ; izay vao azo antenaina fa mandaitra ny fanabeazana tian-kapitaina. Tsy hoe mandehandeha ho azy anefa ny mandrafitra ny hevitra tian-karoso ao anatin'ny piesy sy ny maneho azy eo ambony sehatra, fa mitaky fikirizana mafy avy amin'ny mpanoratra sy ny mpandrindra ary ny mpilalao, mba hahatonga lafatra ny zavatra atao sy hahatratrarana tsara ny fenitra tian-ko tratarina. Na dia miteny an'izany anefa izahay dia tsy midika fa hoe tsy misy nahavita ireo mpiangaly teatra teo aloha... sanatriavina izany ! Tsy mba noheverin'ireo sasany ho “tandra vadin-koditra” io, fa ny tarehy ratsy, hoy izy tsy azo ovana, fa ny fanahy ratsy azo ovana. Porofon'izany ny fisian-dry Charles RAVALOSON (1915-1985) mpiangaly teatra ikoizana, RASAMY Gitara (1899-1977) mpilalao an-tsehatra malaza, RATSIMBAZAFY Olivier (1949-1990) mpilalao tantara mahatsikaiky²¹.

Nisy endriny amin'izay ny zavatra jerena. Nahatsiaro afa-po ny maso sy ny sofina, ka tohina ny fo indraindray. Ahoana ary no nahatonga an'izao ? Mazava amin'ny mpijery amin'izay ny tian'ny mpanao teatra hampitaina, satria voarindra sy voafehy manaraka ny hevitra tian-kapoitra daholo ireo singa ampiasaina amin'ny teatra, na anatin'ny na ivelany. Ohatra amin'izany ireo ravaka eny ambonin'ny sehatra dia mifandraika amin'ny hevitra ny tantara lalaovina. Izany hoe, entina anehoana ny toerana izay itrangan'ny tantara. Ireo jiro ireo kosa, dia tsy natao hanazava io sehatra ilalaovana io fotsiny, fa natao hanavahana ny andro sy ny alina, arak'izay fotoana itrangan'ny zavatra aseho. Fa raha amin'ny fizaran'ny tantara indray izy no ampiasaina, dia manambara vanim-potoana mivalona na mandalo. Ny firaondraonan'ny mozika dia milaza ny fisian'ny trangan-javatra eny an-tsefantsafan'ny tantara. Fa ny olona milalao an-tsehatra kosa, izay mamelona ny tantara, dia hita fa mahasolo ny olona soloany amin'ny fomba rehetra : na amin'ny fihetsika izany, na amin'ny fiteny, na amin'ny fitafy. Nanazava an'izany i LAUFER Roger et LECHER BONNIER Bernard, hoe

« Ny mpisehatra dia misolo olona, ny sehatra maneho ny toerana itrangan'ny tantara, ny hazavana fotsy dia maneho ny andro, ny hazavana manga dia maneho ny alina, ny mozika dia maneho ny trangan-javatra »²².

²⁰ « Tranga tampoka tsy ampoizina ka mitondra fiovana lehibe ».

²¹ RANAIVOSON Dominique, *Madagascar, Dictionnaire des Personnalités historiques*, ed SEPIA, 2005, P.29

²² LAUFER Roger et LECHER BONNIER Bernard, 1975, P.90

Fiteny heno amin'ny fiainana andavanandro anefa no asehon'izy ireo eny an-tsehatra. Efa tsy ilain'ny olona intsony ny piesy miendrika tononkalo, fa piesy tenenina amina lahatsoratra tsotra no nasolo azy, izay entina anasongadinana ny zava-misy hita sy iainana. Hoy TOUCHARD (P.A.), raha mahatsapa an'izany :

“Nanjary mora azo ny tantara noho ny fandrosoana ara-teknika amin'ny hazavana sy ravaka, ny fialana amin'ny teny misy ngadona”²³.

Raha ny fihetsik'ireo mpilalao an-tsehatra sy ny fitafiny indray no asian-teny, dia mifanaraka tsara amin'izay zavatra teneniny. Tsy mahagaga tokoa raha velona ny fahitana ny filalaovana ny tantara tsangana ankehitriny satria fihetsika sy fiteny fahita amin'ny fiainana andavanandro no asehon'ireo mpana-talenta. Teny tsotra sy mazava, ary misy ny tenin-jatovo, eo koa ny teny vahiny izay midika fisehosehoana ho ambonin'ny hafa na entina hampihomehezana ihany koa. Toa mampino indraindray, fa hita maso tokoa ilay olona izay soloan'ny mpilalao tantara ao anatin'ny tantara lalaoviny. Manampy trotraka koa ny fahaizan'izy ireo mampiasa izay fitaovana ilaina eny amin'y fampisehoana. Voahaja sy voarindra ny fe-potoana ampiasaina eny ambony sehatra. Tratra tanteraka ilay fanambarana nataon'i TOUCHARD (P.A.) manao hoe:

“Olona tantaraina tena izy ao amin'ny piesy ny mpisehatra na dia sary ivelany ihany aza no omena azy”²⁴.

Na dia “nisotro rano an-tanam-bady” ny mpijery teatra teo aloha, “tsy hetaheta fa angolangola”, dia mivadika ho hetaheta tokoa izany ankehitriny. Lasa manao tsy omby aloha ny olona rehefa mahita peta-drindrana milazalaza ny fampisehoana teatra. Mahatsapa manko ny tsirairay fa tsy very ny fotoany, fa mahazo anatra hoenti-mody no sady mahazo fahafinaretana. Manamarina an'izany ny gazety iray “Le journal” 05 novembre 1990, laha-100 manao hoe: “Feno ny trano, ary misy ny tsy nahazo toerana. Noroahim-potsiny aza ireo saika mbola hividny karatra fidirana [...] Izany hatrany hatramin'izay, rehefa aseho an-dampihazo ny tantara tsangana “Sangy mahery”, nosoratan'i Rodlish ary noravahan'ny hiran'Andrianary Ratianarivo”.

Resy lahatra ny rehetra, fa ny fanoomezan-danja ny anjaran'ny maso eo amin'ny teatra no manintona ny olona hankasitraka azy. Io fironan-tsaina sy fifantohana ananan'izy

²³ TOUCHARD 1968, P.216 : « Les progrès de la technique des éclairages et des décors, l'abandon du langage rythmé ont offert ne tentation permanente de facilité ».

²⁴ TOUCHARD 1968, P.182 « Un comédien soit exactement le personnage d'une pièce même s'il en offre assez parfaitement l'image extérieure ».

ireo izany ary no hararaotin'ireo mpanao “tantara tsangana manainga fototra” ampidirana ny tara-kevitra mifantoka amin'ny fanabeazana. Koa izany tara-kevitra izany dia tsy lavitra loatra an'ireto manaraka ireto :

- Manambara ny tombontsoa izay tsy fantatry ny vahoaka ny mety ho fisiany. Ohatra iray ny tantara mitondra lohateny “Izay vao mazava”, tahirin-kevitra tak.33-42
- Maneho ny voka-dratsy ateraky ny tsy fahalalana. Ohatra “Ty afara ro arene” (T. TR-4) tak 24-32
- Fanovana ny fahazaran-dratsy ataon'ny tsirairay. Ohatra “Tandremo koa ty afara (T.TR-1) tak 01-9
- Fanomezana torohevitra amin'izay tokony hatao amin'ny fanatsarana ny fiainana. Ohatra “Andram-pitiavana” (TTR-7) tak.54

Ireo rehetra ireo dia tsy mikendry raha tsy ny fikoloana sy ny fiarovana ny tontolo iainana, mba hahatanteraka ny fizarana mankany amin'ny “Fandrosoana”.

Koa azo zaraina roa miavaka tsara izany zava-kendrena izany rehefa hanatratra ireo tanjona ireo ny mpikatroka:

- Ny voalohany, dia mifantoka amin'ny fanabeazana ny olona mba hahay mitandrana eo amin'ny lafiny fitantanana sy fampiasana ara-drariny ny zava-boary. Tsy mitsahatra ireo mpanao “tantara tsangana manainga fototra” ny mampahafantatra ny tombontsoa azo amin'ny zava-boary sy ny fomba fikolokoloana azy mba haharitra. Ao anatin'izany no anararaotana azy mba hahatsiaro mitsinjo ny taranaka fara mandimby tsy handova fijaliana.
- Ny faharoa, dia ny fanabeazana ny olona hahay mitandrana eo amin'ny lafiny fitondran-tena. Ny tetika amin'izany indray dia ny fanomezana torohevitra mba hampitovy fijery sy hiray hina ka hiara-mientana amin'izay zavatra hahasoa. Ilaina ny maneho ny famaizana tokony hatao amin'izay minia tsy te-hahalala ny tombontsoan'ny maro.

Na eo aza ny fametrahana an'ireo tara-kevitra ireo ho fanoitran'ny fanabeazana ao anatin'ny “tantara tsangana manainga fototra”, dia tsy zavatra latsaka avy any an-danitra, fa nalaina ihany avy ao amin'ny fomba fiainan'ny faritra na toerana anaovana fampisehoana. Saika mitovitovy amin'ny tara-kevitra imasoan'ny “tantara tsangana manainga fototra” sy ny olona kendreny handefasan-kafatra ihany ny “tantara tsangana mitety vohitra”, saingy ny firafitra sy ny laharam-pahamehana angamba no misy tsy itovizany kely. Mazava ho azy àry, fa samy manao izay saim-pantany tahaka ny ganagana manasa loha ireo mpanoratra piesy ireo. Fanabeazana manko no atao, ka ny vaindohandrahaha eo am-panoratana, dia ny

hanetsika ny saina sy ny fon'ny mpijery. Fantatr'ireo mpanoratra fa ilain'ny olona tokoa izany, mba hahazany mamindra tsy ho solafaka eo amin'ny fiainana. Miombon-kevitra amin'izany i Antonin ARTAUD

“Eo amin'ny fahasimbana izay miteraka ny fangoraham-pontsika, dia rariny loatra raha mitady teatra mialohan'io isika mba hanaitra : retsim-pandrenesana sy fo”²⁵.

Nivoatra be ny teatra malagasy raha toa nanahirana ihany ny nandraisana azy teo amin'ny tara-kevitra fonosiny. Voavaha mora fotsiny anefa izany raha nitodika amin'ny zavamisy iainantsika ny mpanoratra. Asa nanao ahoana ihany ny fomba fanehoana izany tany aloha?

I-3- Ny fampiharana azy

Araka ny famelabelarana maro natao tetsy aloha, dia azontsika ekena fa ilain'ny olona amin'ny fiainany ny mijery teatra. Tsy hoe ilaina fe ilaina fotsiny, fa tsy maintsy narindra hifanaraka amin'izay itadiavan'ilay mpijery azy. Ka na lazaina fa narisarisa ihany ny fanehoana azy tamin'izany, dia tsy niteraka fahakiviana velively teo amin'ireo mpanatontosa azy, fa vao mainka nitondra azy ireo mankany amin'ny fikirizana.

I-3-1- Ny olona voatokana hijery teatra teo aloha

Tsy latsa-danja tamin'ireo zava-kanto maro samihafa misy eto amintsika ny teatra. Tamin'ny fotoana nahatongavany voalohany teto dia tsy natao ho an'olon-drehetra izy. Nosokajiana ho zava-kanto tena manana ny lanjany, ka nentina nandravahana fotoana tamin'izay zavatra ataon'ny olona manam-pahefana sy manan-kaja, mba ho fanomezamboninahitra azy amin'ny lanonana ataony. Marihina fa tsy ny vahoaka rehetra no nahazo nijery tamin'izany, fa izay olona nahazo fanasana ihany.

Satria ireo olona manan-kaja ireo no mitady na mampanao ny teatra ao amin'ny toerana voatokany, dia tsy maintsy avy amin'izy ireo ihany koa ny lohahevitra anontanana ny tantara holalaovina, hifanaraka amin'ny hetahetany sy ny filany. Manamarina an'izany RAZAFIMAHATRATRA Noro, nanao hoe :

²⁵ ARTAUD Antonin, « *Le théâtre de la Cruauté* », 1933, P 119 « Au point d'usure où notre sensibilité est parvenue, il est certain que nous avons besoin avant tout d'un théâtre qui nous réveille : nerfs et cœur ».

“Natao ho an’ireo sarangan’olona ambony sy ho an’ireo mpijery ambony ny hevitra sy ny mpilalao ao amin’ny tantara²⁶”.

Ny dikan’izany, dia tsy afaka manao araka ny sitrapony ny mpanao teatra, fa miezaka ny hamalifaly hatrany ireo olom-bitsy ireo no imasoany. Noho izany dia tsy maintsy feno fanindrahindrana sy fandokadokafana mbamin’ny hatsikana mampihomehy no atolotr’ireo mpilalao teatra azy ireo. Mbola manamafy an’izany i Jean Louis JOUBERT, manao hoe :

“Io teatra io dia efa misy ambangovangony omena, ka avy amin’io no anitaran’ireo mpilalao ny resaka ataony, andefasany hatsikana mampihomehy fatratra,...”²⁷

Ny tany am-pitan-dranomasina tany aza, dia tao anatin’ny lapan’ny Ampanjaka no nanatanterahana ny fampisehoana teatra. Tsy misy nahazo niditra ny vahoaka raha tsy ireo tandapa ihany. Tao anatin’ny lapa no nanafanana ny lanonana tamin’ny alalan’ny teatra, ka arahina fisakafoanana sy fisotroana izany indraindray. Efa ferana mialoha koa anefa ny zavatra azo resahina ao anatin’ny tantara amin’izany. Mbola i Jean Louis JOUBERT ihany no manambara an’izany ao amin’ny tak.³⁷ hoe :

“Tafiditra tamin’ny faran’ny taon-jato XVI tao amin’ny tokotanin’ny Ampanjaka Frantsay ny teatra mahatsikaikin’Italiana, ka hay daholo am-pitiavana mihoatra ny tendrombohitra mitomandavan’i Alpes”²⁸.

Raha dinihina ny nahatonga an’izany, dia azo zaraina roa no mety ho antony :

- Voalohany, tsy mbola nanana fahalalana loatra ny olona tamin’ny zo tokony hananany, ka tsy afaka nanohitra tamin’izay ataon’ireo olona nanan-kaja sy manam-boninahitra taminy, fa indrindra ny afitsoky ny Ampanjaka ;
- Faharoa, mety tsy mbola matoky tena loatra ny mpanao teatra malagasy amin’ny fakan-tahaka ataony, ka tsy sarotiny noho izany mandra-pahazarany. Izany hoe, raisiny ho fanazaran-tena ho azy ny fibaikoan’ny olom-bitsy azy amin’ny aingam-panahiny sy ny talentany.

Ny vokatr’izany àry, dia tsy misy ny vidim-pidirana fa fanomezana vokatry ny fankasitrahana ihany no natao. Koa izay hita mahafa-po amin’ny zavatra ataony no mahazo fiantsoana matetika.

²⁶ RAZAFIMAHATRATRA Noro, 2002, tak 9

²⁷ JOUBERT Jean Louis 1992, P.37 : « Ce théâtre repose sur l’utilisation de canevas à partir desquels les acteurs improvisent les dialogues, lancent des plaisanteries burlesques,... »

²⁸ « La comédie itélienne (commedia dell’arte) est accueillie dès la fin du VVIème siècle à la cour des rois de France tout acquis au goût transalpin ».

Ny zavatra mitambesatra tamin'ireo mpanao teatra tamin'izany fotoana izany anefa dia saro-dazaina ihany. Tsy vitan'ny hoe voabaiko ireo mpanan-talenta ireo amin'ny fotoana sy toerana hanaovana ny kilalao, fa mbola voabaiko koa ny aingam-panahin'ny mpamorona tantara sy ny fihetsiky ny mpilalao an-tsehatra. Tsy maintsy kendrena izay hahazoan'ireo olona manankaja ireo fahafinaretana. Samy nanana andraikitra tamin'izany na ny mpamorona, na ny mpandrindra, na ny mpilalao tantara. Tsy azo natao ny niala lavitra an'ilay tantara ambangovangony efa nomena mialoha na lohahevitra izany, sao hiteraka fanafintohinana ho an'ireo manam-pahefana. Ny dikan'izany, dia tsy anatra no andrasan'ireo hotsoahana avy amin'izay tantara lalaovina eo anatrehany fa fahafinaretana. Ka samy tsy misy miala eo raha tsy afa-po na ny mpijery, na ny mpanatontosy. Izany rehetra izany dia nihatra tamin'ny andron'ny manam-pahefana faha-fanjanahantany.

Nikisaka tany amin'isam-pianakaviana indray no nahitana taratra ny teatra rehefa avy eo. Tsy fantatra raha mbola anisan'ny fanazaran-tena indray izany, na teatra amin'ny endriny hafa satria notanterahina eo anivon'ny fianakaviam-be roa tonta, saingy eo am-pipetrahana ihany ny an-daniny sy ny an-kilany no mifamaly resaka. Tsy azo lazaina sangisangy kosa, fa lasa nahafahana nanatanteraka fomban-drazana maromaro ny fanaovana azy. Nahoana moa no lazaina fa manao teatra ireo fianakaviana ireo ?

Raha zohina tsara, dia toa manakaikikaiky ny toetoetry ny teatra tamin'ny “Moyen âge” tany Frantsa, izay ahitana olona vitsy mifamaly maharitra, araka ny voalaza tany aloha ny fiangalian'ny fianakaviana Malagasy ny azy. Ka ny firafitry ny fifamaliana izay tanterahina ao anatin'ny fomba amam-panao io, dia manaraka koa ny dingana arahina amin'ny piesy teatraly : ahitana fanombohana, ny vatan'ny tantara misy vona ary ny famaranana izay misy ny famalonana ny hevitra ho iray. Manamafy ny voalaza etsy ambony RAZAFIMAHATRATRA Noro.

“Nosokajiana ho teatra tany am-piandohana ireo fomba amam-panao, satria nanana ireo dingana telo naha teatra ny teatra ireo izy, dia ny fiandohana, ny votoatiny ary ny famaranana. Tafiditra tao anatin'izany ny fampakaram-bady, ny fandroana, ny tsindrindriana (kilalao fanaon'ny Ntaolo), ary indrindra ny hira gasy²⁹”.

²⁹ RAZAFIMAHATRATRA Noro, 2002, tak 9

Tsy isalasalana, fa miendrika teatra kilasika izy ireny, saingy navadika hifanaraka amin'izay ilantsika azy. Ohatra : “RASAMY Gitara, dia namadika ny hira kilasika ho lasa kalon'ny fahiny”.³⁰

Teraka tao anatin'ny teatra manatanteraka ny fomba amam-panao io ny fahaizana mikabary. Izany hoe, ny fahaizana mampiasa ny hain-teny, ny sarin-teny, ny ohabolana sy ny angolan-teny isan-karazany. Lasa nahatonga fifaninana masina teo amin'ny fiaraha-monina izany, ka nisy izay mba sokajiana ho nahay tamin'izany. Koa io olona miavaka amin'ny maro io no mazana iangavian'ny fianakaviana raha misy raharaham-pianakaviana tokony hilana azy.

Koa raha fintinina ny fomba nentina nanehoana ny teatra sy ny olona voatokana hijery azy teo amin'ny andron'ny fanjanahana, dia notanterahina nanaraka ny baikon'olom-bitsy izay nanam-pahefana eo amin'ny fiaraha-monina. Niitatra kely tany amin'ny fianakaviana indray izy, ka natao fitaovana nentina manatanteraka ny fomba amam-panao sasantsasany. Fa ny mpanan-talenta kristiana kosa, dia tsy nionona teo fa nanandrana nanao fampisehoana teatra tany an-tranom-piangonana isaky ny fotoana manana ny lanjany eo amin'ny tantaram-pivavahana. Tsy natahotra izy ireo raha nanao an'izany, satria ny tantara mahakasika ny soratra masina ihany no nataony. Ohatra amin'izany ny filalaovana ny tantara momba ny “nahateran'i Jesosy tao Betlehema”, izay matetika atao amin'ny fotoana fitsingerenan'ny taona nahaterahany amin'ny “krisimasy”. “Kaonseritra” masina no niantsoana izany teatra am-piangonana izany hoy RAZAFIMAHATRATRA Noro³¹. Raha adika ny anton'izany, dia fomba anankiray entina hanorenana mafy ny finoan'ny olona mivavaka ny teatra.

Tsy misy naharatsy azy izany, kanefa ahoana ny momba ireo vahoaka ivelan'ny fiangonana?

Andao fa hojerentsika manaraka eto ny mety ho firafitry ny olona ahafahan'ireo mpanao teatra ireo manao fampisehoana.

I-3-2- Fiitaran'ny olona iantefan'ny tantara tsangana

Tamin'ny fotoana nahazoan'ny Firenenantsika fahaleovan-tena, dia navela hiseho sehatra amin'ny vahoaka amin'izay ny mpanao teatra malagasy. Nasaina hanafana ny

³⁰ RANAIVOSON Dominique, 2005, P.29 : « *Rasamy Gitara transmet les chants classiques « Kalon'ny Fahiny* ».

³¹ RAZAFIMAHATRATRA Noro, 2002, tak.29

fandaharam-potoana amin'ny fety izay ankalazain'ny fanjakana izy ireo, na koa misy vahiny mamangy eto an-toerana. Mazava ho azy fa izay vahoaka manotrana ny fankalazana ny fety daholo no matrika ny fampisehoana teatra atao. Marihina anefa fa ny zavatra voizina ao anatin'ny tantara aseho ny vahoaka amin'ireny fotoana ireny, dia efa voasoritry ny manampahefana mialoha, mba hifanaraka amin'ny lohahevitry ny lanonana. Ny safidin'ny mpana-talenta tamin'izany dia mbola nampandeferina noho izy tsy tompon'ny lanonana. Fa raha ohatra sitrapon'ireo mpanao teatra ireo no misafidy ny hanao teatra, ka azy manokana ny tantara holalaovina, dia tsy maintsy mandalo sivana aloha vao azo aseho ny vahoaka. Tsy voatery ny filan'ny vahoaka ihany no omena azy tamin'izany vanim-potoana izany, fa araka ny safidin'ny mpitondra. Ny setrin'izany àry tamin'ny voalohany dia niteraka fangatsiahana na tsy fankafizan'ny vahoaka loatra izay zavatra aseho azy. Nanampy trotraka amin'ny tsy nitiavan'olona ny teatra koa ny mbola tsy nahafolahana ny fakan-tahaka ny vahiny.

Tsy azo heverina ho toy ny “Boka mangala-boatavo” intsony ny mpanao teatra eto amintsika “ka mifampitolona samy malama”³², fa nody ventiny ny rano natsakaina ankehitriny tamin'ireo vahiny. Hitantsika izao ny fanalahidy manokatra ny varavaran'ny teatra mankany amin'ny endrika maha-kanto azy. Tsy misy manakana azy intsony ny olona efa mahazo tsirony, fa indrindra ireo mponina izay monina eny an-drenivohitra efa misy mpiangaly teatra kalaza lahy. Ny tranom-pokonolona nanaovana ny fampisehoana ihany no nokendrena mba halalaka. “Tonga kilalao tian'ny mponina ny teatra amin'izao fotoana izao ary efa vidin-tsarotra ihany. Efa nanjary foto-pilan'ny olona sasany izy ary misy tarika telo mifototra amin'io raharaha io ao Antananarivo ankehitriny. Manampy izany dia maro ny mpanoratra ary betsaka ny mpamoron-kira, araka ny voalazan'ny Gazety Ny Fandrosoambaovao”³³

Mifampiantso daholo ny olona iray tanàna hijery teatra, raha sendra ny tarika izay heveriny fa mahay, fa indrindra ilay tantara izay efa hita teo taloha ka nahafa-po azy. Ohatra iray ilay fampisehoana ny tantara iray mitondra ny lohateny hoe “Sangy mahery”, izay nosoratan'i Rodlish voaresaka etsy aloha.

Tsy mahasakana azy velively ny fandoavana vidim-pidirana eo am-baravaran'ny trano fanaovana fampisehoana. Ny atahorana dia ny efi-trano ho tery, raha tsy efa nanokana efi-trano malalaka ho fanaovana teatra tahaka ny ao an-drenivohitr'i Madagasikara. Rariny ihany no isian'izany amin'ireo renivohi-paritany teo aloha, satria efa azo lazaina mahalala ny

³² « *Sahirana maka tahaka ny teatra vahiny ny gasy nefa sarotra hay* »

³³ Auteur Anonyme : 1925, Texte n° 29

olona mipetraka amin'ireo fa mila fialamboly. Na eo ihany izany aza, dia tsy ho nankasitraka mijery teatra ny olona rehetra raha tsy zavatra mahakasika azy sy ny toetoe-piainany ao anatin'ny fiaraha-moniny no aseho azy amin'ny fomba kanto sy mahatsikaiky.

Hoy ABBE Trublet:

*“Tsy maintsy manoratra ho an'ny rehetra raha tiana hankasitraka ny rehetra, nefa ny hahatongavana amin'izany, dia tsy maintsy manoratra amin'ny fomba tsotsotra toy izay hitovy amin'ny soratana ho an'olona be fahalalana”.*³⁴

Izany hoe nialan'ireo mpanoratra piesy teatraly eto amintsika ny fandikana tanteraka ny teatran'ireo vahiny avy any ivelany izay efa mandroso lavitra, fa nafantony amin'ny zava-nitranga andavanandro amin'ny toe-piainan'ny vahoaka tsy mandady harona ny “tantara tsangana”. “Tantara tsangana manainga fototra” moa no ilazana azy aty amin'ny Faritra Atsimo Andrefana, fa misy ihany ny milaza hoe : “Tantara tsangana mitety vohitra”, ao amin'ny gazety vintsy “Le sud”, laharana 44, tak.10. Toa niangarana ihany mantsy ireo tantsaha tsy mahay taratasy ireo, na dia “malaza tsy ampiasaina toa vilian-tsahona” taminy izany teatra izany.

Zava-baovao amin'ireo olona tsy azo lazaina nahita fianarana ihany izany teatra izany. Tsy maintsy natao ny nikarohana fomba hoentina nampifantohan'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra azy ireo, mba hampisy vokany ny zavatra atao. Izany hoe, tsy nionona tamin'ny famalifaliana ny mpijery fotsiny, fa nampidirany fanabeazana ny ao anatin'ny tantara lalaovina, mba hialana tanteraka amin'ny fijaliana. Araka izany dia tsy natao handoavam-bola ny fampisehoana ny tantara tsangana manainga fototra mba hahafahan'ny rehetra mijery. Tsy misy ny sarangan'ny mpanambola sy ny mahantra, ny manamboninahitra sy ny olon-tsotra, ny olon-dehibe sy ny tanora, na ny zaza amam-behivavy aza dia misy anatra tokony ho tandrify azy daholo. Na dia malalaka torak'izany ny fanatanterahana azy, dia misy ihany ny lohahevitra izay fantenana hifanaraka amin'ny filan'ny mponina anaovana azy. Tsy voatery ho tanàna iray ihany anefa no anaovana io fampisehoana tantara tsangana manainga fototra io, fa misandrahaka amin'ireo toerana izay tsapa fa mitovitovy filana mifanaraka amin'ilay votoatin'ny tantara voatokana.

Ny nahazatra dia eny an-tanandehibe ihany no nahitana ny tantara tsangana, sady misy vidim-pidirana raha te-hijery ny olona. Ankehitriny anefa dia tonga hatrany amin'ny

³⁴ ABBE Trublet, reflexion sur divers sujet de littérature et morale, 1954, P 36 : « Il faut écrire pour tout le monde si l'on veut plaire à tout le monde, mais pour arriver à ce but, il faut écrire d'une manière moins parfaite que si l'on écrivait que pour les gens de beaucoup d'esprit ».

farany ambanivohitra ny tantara tsangana amin'ny endriny vaovao sy mora raisina. Tsy misy sakana intsony amin'ny tokony hijerena azy, fa miankina amin'ny safidin'ny tsirairay ihany.

Asa ahoana ihany ny fomba fanatanterahana izany “Tantara tsangana manainga fototra” izany aty amin'ny Faritra Atsimo Andrefana noho izy tsy misy vidim-pidirana.

**FIZARANA II: FOMBA ANATANTERAHANA NY
TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA ATY
AMIN'NY FARITRA ATSIMO ANDREFANA**

Ireo kominina nanaovana fampisehoana Tantara tsangana manainga fototra:

- Antanimieva
- Analamisampy
- Ankililoaka
- Ankilimalinike
- Belalanda
- Betioky
- Beheloka
- Itampolo
- Androka
- Ampanihy Andrefana
- Ejeda
- Fotadrevo
- Beahitse
- Bezaha

Toa zava-baovao amin'ny sofin'ny olona ny fihenoana izany “Tantara tsangana manainga fototra” izany. Mipetraka ao an-tsaina avy hatrany ny fanontaniana amin'ny fomba hoentin'ireo mpanatontosa azy. Notsotsorina arak'izay anarana iantsoana azy izany ny fanatanterahana ny tantara tsangana manainga fototra, fa tsy nampanarahina izay zavatra rehetra takin'ny teatra nolvaina tamin'ireo vahiny ireo. Ny anton'izany, dia natao ny hahafahana maneho azy hatrany amin'ny faran'izay lavitra any ambanivohitra any, amin'izay dia samy mahazo tombontsoa na izay noheverina ho niangaran'ny vintana aza. Na tsotsotra aza no ilazana azy, dia misy lamina tsy maintsy arahina, manomboka eo amin'ny fanomanana ka mandra-pahatongavana any amin'ny fahataperan'ny fampisehoana. Ilaina ny manaja izany fepetra izany, raha tiana ny hahazo vokatra tsara”.

Ny Tantara tsangana manainga fototra dia, hevitra notsoahana na noforonina niainga avy amin'ny “théâtre forum”³⁵ atao ao Afrika. Ka raha mitovy ihany ve ny zava-kendrena, inona no maharatsy antsika raha manita-kevitra handrafitra izany amin'ny fomba izay mety hahafahantsika manatanteraka azy aty amintsika? Io manko no fitaovana nentin'ireo fikambanana maro samihafa nandresena lahatra sy nanabeazana ny olona amin'ny fihanaky ny SIDA. Araky ny voalazan'ny Birao-paritra momba ny Fanabeazana :

“Efa misy taona maromaro, ny ankabetsahan'ny orinasa, ny fikambanana ary ny sampana misahana ny asa fampandrosoana no nahita fahombiazana tamin'ny fampiasana ny tantara tsangana tany amin'ny asa fanentanana mahakasika ny SIDA nataony”³⁶.

Koa na dia naka hevitra amin'izany isika, dia tsy maintsy arindra hifanaraka amin'ny zava-misy sy ny fomba amam-panao izay iainan'ny olona eto amintsika ny antsika. Tany amin'ny Kaomin'Antanimieva, Distrikan'i Morombe, no nisantaran'ny Ivotoerana Ibeazana ara-Kolontsaina mirindra amin'ny Tontolo iainana³⁷ eto Toliara azy, tamin'ny taona 2003, ary miara miasa amin'ny “WWF” eto Toliara. Manazava azy ny gazety Vintsy laharana 44, tak. 10. Ny lohatenin'ny tantara tsangana tamin'izany dia “Nifoteran'ny rambony”³⁸.

³⁵ « Tantara tsangana amoriam-bahoaka, ka ahazoan'ny tsirairay mandray fitenenana ».

³⁶ Bureau Régional pour l'Education en Afrique/ONU Sida 2003, P.36 : « Depuis quelques années, la plupart des ONG, des associations et des institutions de développement emploient avec succès le théâtre dans leurs campagnes de sensibilisation sur le SIDA »

³⁷ Centre Culturel et Educatif à l'Environnement (CCEE)

³⁸ « TTR-6 (PP.43-53)

Tsy mora anefa ny fanatanterahana an'izany, ary tsy natao ho olona tokana ny mandrafitra tantara tsangana manainga fototra, sady manao fampisehoana, fa tokony hisy fifanampiam-pahaizan'olona maromaro.

II-1- Ny olona mandray anjara:

Misy sokajiny ireo mpandray anjara amin'ny fanatanterahana ny tantara tsangana manainga fototra, ary samy tsy mikely soroka raha manatanteraka izay tandrify azy.

- Ao ny mpanoratra ny piesy holalaovina
- Ao ny mampianatra na mpandrindra an-tsehatra;
- Ao ny mpisehatra

II.1.1- Ny mpanoratra piesy teatraly

Izy no mpanokatra voalohany ny asa mahakasika ny fanaovana ny tantara tsangana manainga fototra, satria ny tantara soratany no hampianarina sy holalaovina eo anatrehan'ny vahoaka. Raha izany no toerana misy ny mpanoratra piesy teatraly, dia holazaintsika àry ny lalana izorany:

Aoka hotsiahivina etoana, fa ny mpanoratra dia olona avy ao anatin'ny vahoaka, ka tsy mahagaga mihitsy raha tsy maha-vahiny azy daholo ny zavatra mitranga ao anatin'io fiaraha-monina iainany io: “Tsy mitsontsorika avy any an-danitra akory ny literatiora sy ny mpanoratra azy fa nipoitra avy amin'ny fiaraha-monina³⁹”. Koa alohan'ny handray penina izy, dia tsy maintsy mamantatra ny olana mianjady amin'ny vahoaka na mihaino ny vokatra ny fikarohana ataon'ireo ONG misahana ny asa fampandrosoana eny ambanivohitra. Avy eo dia sokajiany arak'izay laharam-pahamehana mitady vahaolana haingana ireo olana mitranga ireo. Izay vao afaka mandrafitra ny piesy mitondra anatra sy fanabeazana ny vahoaka ny mpanoratra.

Efa natsidika teo amintsika tany amin'ny TENY FAMPIDIRANA ny fanambarana izay nataon'i Raymond manamarina ny momba an'izany mpanoratra izany. Tsy manoratsoratra foana, fa mila mandinika lalina sao manko miteraka fanafintohinana ny zavatra soratany⁴⁰.

³⁹ RAVOAJANAHARY Charles : « *Gazety Fanasina* » n° 597, 27 mars 1969

⁴⁰ RAJOELISOLO Charles « *Gazety sakaizan'ny Tanora* » « *Tsipy hevitra ho an'izay te hanoratra* », Mai 1930

Rehefa mandrafitra ny piesy izy, dia tsy maintsy manaraka ny drafitra maty paika. Matetika dia misy fizarana efatra (4) ny tantara tsangana manainga fototra, ka samy manana ny hevitra raiketiny avy ny fizarana tsirairay avy:

- Ao amin'ny fizarana voalohany no ampitsidihan'ny mpanoratra ny hevitra tiany hofantatra (tanjona);
- Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no tena manomboka miseho miharihary ny "Tohana" rehetra manakana ny fahatanterahan'ny hevitra izay naroso (olana);
- Ao amin'ny fizarana fahatelo no itrangan'ny fandravana ny Tohana (na vahaolana);
- Ao amin'ny fizarana faha-efatra no isehoan'ny fanenenana na fahatsiarovan-tena, izay miteraka fiovan-toe-tsaina mampahomby eo amin'ny fandrosoana.

Amin'ny alalan'io drafitra maty paika io no arahin'ny mpanoratra, hikorohana tsirin-kevitra izay efa misy fanontaniana voamana apetrany amin'ny tenany. Aoka handray ohatra mihitsy isika amin'ny alalan'ny tantara anankiray ao anatin'ny tahirinkevitra, mitondra ny lohateny hoe: "TANDREMA KOA TY AFARA"⁴¹.

1. Fizarana voalohany :

Inona moa ny hevitra efa naroso tany amin'ny piesy teo aloha na izay vao haroso?

Valiny: Lany ireo harena ao an-dranomasina raha tsy misy ny fitantanana ifanarahana'ny mpihaza rehetra.

2. Fizarana faharoa:

Inona avy ireo olana mety manakantsakana amin'ny fahatanterahan'izany?

Valiny: Filomanosana eo amin'ny fahafinaretana, fitiavam-bola diso tafahoatra, tsy fahatsiarovana mitsinjo ny ampitso, tsy ampy fahalalana ka tsy mahay ny fe-potoana ahazoana mihaza na ny fitaovana tokony hampiasaina.

3. Fizarana fahatelo:

Inona avy ny voka-dratsy aterak'izany olana izany sy ny mety ho vahaolana?

Valiny: Fahataperan'ny fia madinika mbola hitombo amin'ny harato kely maso, famongorana ny zanga amin'ny alalan'ny fampiasana "GAZ", fandripahana ny fano, fanimbana sy famadibadihana ny vatohara amin'ny baramino, fihazana ireo hazandrano tokony hanatody. Mila fivoriam-pokonolona mba hananganana dina hifampifehezana

⁴¹ « TTR-1 (tak.1-9)

4. Fizarana faha-efatra:

Mba inona no tombontsoa tsapan'ny olona raha manaraka ny hevitra aroso izy ireo?

Valiny: Mahatsiaro tena manenina tamin'izay efa vita, ka nanapa-kevitra hanangana dina hifampifehezana, amin'izay dia samy migoka tombontsoa maharitra hatrany amin'ireo taranaka mandimby.

Aorian'io drafitra io ny mpanoratra, dia mamorona tantara tsotsotra ao an-tsaina, izay miainga amin'ny valim-panontaniana napetrany tamin'ny tenany teo ambony:

- 1) Tadiaviny voalohany ny fomba hampidirany ny “Hevitra tiany ho fantatra” ao amin'ny fizarana voalohany, ka matetika ampandraisina anjara sahady ny mpandray anjara fototra eo am-panombohana. Tsy miala amin'ny fiainana andavanandro anefa izy, ka ny fomban'ny olona any amin'ny faritra izay hanaovana ny fampisehoana no efa nofantariny mialoha arak'izay voalaza etsy ambony. Mety ho olana no asehony voalohany mba hamoahana ny “hevitra tian-karoso” indraindray, na izay nahatonga ilay olana.
- 2) Manomboka asehony ny tohana na olana eo amin'ny fizarana faharoa, ka arosomy arak'izay fahasaratany hatrany raha ohatra maromaro.
- 3) Ny ravatohana no tena mibahan-toerana amin'ny fizarana fahatelo. Asehony amin'izany ny tsy mahamety ny fiheverana miteraka ilay olana, na kosa fanehoana ohatra entiny hanazavana ny zavatra tsy azon'ny olona. Matetika dia ohatra tsy foronina, fa azo tsapain-tanana mifanaraka amin'ny fiainan'ireo olona ireo andavanandro no ataony.
- 4) Ataon'ny mpanoratra tsapan'ny olona ao amin'ny fizarana farany, fa tena niteraka tombontsoa ho azy ny fanarahany ny “Hevitra naroso”.

Marihina fa alohan'ny hanoratra piesy ny mpanoratra, dia tsy maintsy fantariny izay hataony lohatenin'ny tantara hosoratany. Izany dia tsoahany avy amin'ny fahalalana ny tena TOHANA na ny olana goavana izay hovahana. Io manko no hoentiny hampibaribary ny amin'ny maha-zava-dehibe ny “hevitra naroso”.

Mamorona anaran'olona amin'izay izy, hampandraisiny anjara ao anatin'ny piesy izay hoforoniny. Misy anefa ny anarana sasany dia mifanaraka amin'ny anjara sahanin'ilay olona na ny toetoetrany ao anatin'ny tantara. Fanahinian'ny mpanoratra izany, satria io no hanampy an'ireo mpijery amin'ny maha-mora ny fitadidiana ilay tantara izay atrehiny. Ohatra:”Kihiza”⁴², mahia noho ny zanany madinika maro, sy “Baolava” izay mitondra “bao” matetika noho ny fameloman-janaka isan'andro. Koa satria tantara mahakasika ny vahoaka

⁴² « TTR.4 (tak 24-32) »

no atao, mazana dia ferany ho folo (10) na roa ambin'ny folo (12) no mpandray anjara. Tsy nosafidianana anjoanjo ihany ireo isa ireo, fa io no ahafahana maneho vahoaka mivory raha misy fivoriana ao anatin'ny tantara tsangana, sady tsy manahirana kosa rehefa atao fitetezam-paritra amin'ny fiara na sarety na lakana. Ny tantara lalaovin'olona folo ireo, dia maharitra ora iray raha ela indrindra, ka samy mandray anjara tsirairay avy izy rehetra.

Soratan'ilay mpanoratra amin'izay ny tantara, ka hatsarainy sy arindrany hifanaraka amin'ny zava-misy marina ilay fandrafetana an-tsaina tsotsotra teo aloha. Na dia mifanaraka amin'ny zava-misy tokoa ny tantara soratany, dia mety hiteraka fahamonamonainan'ny mpijery ny fahitany ny zavatra efa iainany andavanandro raha tsy aseho amin'ny endrika dilatra. Izany hoe, ireto avy ny zavatra ampiasain'ny mpanoratra hialana an'izany sy hitazomany ny fifantohan'ny olona:

- a) zavatra mampihomehy;
- b) zavatra manaitra na mahatsikaiky;
- c) zavatra mampitaintaina;
- d) zavatra tsy ampoizina na tsy noheverina.

Andao hojerentsika tsirairay ireo haingon'ny tantara tsangana manainga fototra efatra ireo:

- a) Zavatra mampihomehy: na ny fiteny, na ny fihetsika, na hevitra dia ahafahana manatanteraka izany. Andraisantsika ohatra voalohany ny amin'ny fiteny: amin'ny nilazan'i Mompera an-dRamaka ao anatin'ny tantara mitondra ny lohateny "RAMAKA MANDALO", hoe: "Moa ve nimay koa ny kilaotinao anaty?", "Eny! Tratra ambodiny ny omby izao!"⁴³

Asiantsika ohatra manaraka ny amin'ny fihevitra: izay naneken'i Patron Rendrema ny torohevitr'i Koto mpiasany hitaingina aminy, ao anatin'ny tantara "IFOTERAN'NY RAMBONY"⁴⁴, ary ohatra farany ny amin'ny fihetsika: izay ahitana an'i Etitse sy ny zafikeliny nifandrava sakafo tamin'ny vilia iray, ao amin'ny tantara mitondra ny lohateny "IZAY VAO MAZAVA"⁴⁵. Izany hoe, iezahan'ny mpanoratra ny miala kely amin'ny efa mahazatra. Izany no antsoina hoe "Seho dilatra". Matetika dia ampiasain'ny mpanoratra ho fanehoana ny tsy fisainan'ny olona maningan-kevitra ao amin'ny tantara ireo zavatra mampihomehy ireo na fanamaivanana hevi-diso sy fanatsatsoana ny hevitra izay hovanoina

⁴³ « TTR.2 (tak. 14 andl 16 sy tak.17 andl 8)

⁴⁴ « TTR.6 (tak. 48-49) »

⁴⁵ « TTR.5 (tak.41) »

ao an-tsain'ny mpijery. Koa raha mbola eo am-panoratana izy, dia mahita taratra ao an-tsaina izay ataon'ny olona asainy hampihomehy. Marihiny fanazavana kely ao anatin'ny kahie izay anoratany ny piesy izany, mba hanampy sy hanamora ny asan'ny mpandrindra an-tsehatra rehefa tonga ny fotoana hampianarany azy.

- b) Zavatra manaitra na mahatsikaiky: zavatra asehon'ny mpanoratra ao anatin'ny tantara, saingy afeniny ny antony nahatonga azy. Toa hampiteraka finoanoam-poana, kanjo mihamazava ihany rehefa avy eo. Ny antony anaovana an'izany manko, dia mba hisarihana mafy ny fifantohan'ny mpijery ary fanabeazana azy koa fa tsy misy izany zavatra tongatonga ho azy izany na mandeha ho azy eo amin'ny fiainana, fa mila fandinihana daholo ny zavatra rehetra. Izany fijery izany dia hamarinin'i LAUFER Roger manao hoe:

“Ny fampisehoana teatra dia tsy maintsy manolotra ny mpijery ny fahitana hafahafa ny tambatry ny zava-misy tontosa sy izay vinavina. Isaky ny fampisehoana teatra dia manana tanjona hanatanteraka io fanao mahagaga io”⁴⁶.

Ny toerana izay ametrahan'ny mpanoratra an'io ao anatin'ny tantara dia eo amin'ny famahana ny olona izay nateraky ny finoanoam-poana, na koa fampitsikasinana ny olona izay manaotao foana tsy mba mandinika.

- c) Zavatra mampitaintaina: any amin'ny fizarana izay amahana ny olona goavana ao anatin'ny tantara no ametrahan'ny mpanoratra azy. Aoka hazava amintsika, fa mitera-doza amin'ilay olona ao anatin'ny tantara ny fandavany ny “Hevitra aroso” eo ampiandohana. Toa tsy hahitam-panafana intsony, fa vao mainka mihalentika hatrany, hany ka lasa mampatahotra na mampitaintaina an'ireo mpanaraka ny tantara izany.
- d) Zavatra tsy ampoizina: araka ny fanazavana tany aloha, dia ny mpandray anjara fototra no entin'ny mpanoratra mampivoitra ilay “Hevitra tiana ho fantatra”. Betsaka fahavalo anefa izy mandra-pahatongavany amin'izany fenitra izany. Tsy araka ny fahitana ny tranganjavatra anefa no niseho amin'ny farany. Ny mpandray anjara fototra indray no indro mibata ny fandresena ka mitondra rivo-baovao izay tsy nampoizina. Io indrindra no miteraka fiovana ho an'izay fatra-panohitra ilay “Hevitra aroso”, izay saika avy amin'ny fizarana farany no itrangany. Io koa no seho mifono ny lohatenin'ny tantara, fa ao ny fandresena goavana ilay fototry ny “Tohana”.

⁴⁶ LAUFER Roger, 1975, P.89 : « *Le spectacle théâtral doit donner au spectateur l'illusion d'une union parfaite du réel et de l'imaginaire. Chaque représentation théâtrale a pour but d'accomplir cette opération magique* ».

Ireo voalaza ireo dia tsy azo heverina hisosa mora foana hoatry ny rora parakin'Ambalavao, fa tsy maintsy manao horonan-tsary velona ao anaty sainy ny mpanoratra rehefa manoratra, mba hitandrovan'ny tantara hiaina sy hitombina. Marihiny ao anaty kahie daholo ny mety ho fihetsik'ireo mpisehatra, na ny fidirany ary ny fivoahany ny sehatra. Miankina amin'ny fahaizan'ny mpanoratra manala ny mpisehatra eo ambony sehatra ny fanapahana ny fizarana. Izany hoe alohan'ny hidiran'ny fizarana manaraka satria tsy mampiasa "ridao". Tsy azo tapahina manko ny fifanohizan-kevitra ireny ao anatin'ny tantara, fa raha misy zavatra sarotra ny maneho azy, dia ampitenenin'ilay mpanoratra ireo mpisehatra ihany dia anjaran'ny mpijery ny manohy azy an'eritreritra.

Hita fa tena miankina amin'ny mpanoratra mihitsy ny fiaingan'ny fahombiazana eo amin'ny tantara tsangana manainga fototra. Araka ny tokony ho izy, dia tsara raha ny mpanoratra ihany no mandrindra nypiesy izay nosoratany eny ambony sehatra. Amin'izay dia ho mora aminy ny manatanteraka izay zavatra nosaintsaininy teo am-panoratana. Nefa hatao ahoana moa, fa lasa ho sakana ho an'izay mahita ny piesy ka te-hianatra raha hiandry ny mpanoratra ihany. Noho izany dia marihin'ny mpanoratra ao anaty piesy soratany avy ny mety ho fanazavana ilaina, amin'izay tsy sahirana ny hianatra azy, ary ny mpandrindra antsehatra kosa dia hanakatra izay sary velona tao an-tsain'ny mpanoratra teo am-pitontosana ny asa.

II.1.2- Ny mpandrindra an-tsehatra sy ny mpisehatra:

Tsy azo atao ambin-javatra koa ny asan'ny mpandrindra ny tantara tsangana, fa toa lasa "mpianto-draharaha hoatra ny dokotera", na dia tsy izy no namorona ny piesy, dia atrehiny ny fanatontosana azy mandra-pahaizan'ireo mpisehatra ny anjarany eny ambony sehatra. Hoy i Jean Claude LANDIER sy Gisèle BARRET:

"Afaka mibanjina dingana telo ny andraikiny: - izay fiomanana (fahaizana); - izay fitarihana ilay asa (fahaiza-manao); - izay fifandraisana amin'ireo vondrona sy ny tsirairay (fahaiza-mitondra tena)"⁴⁷.

⁴⁷ LANDIER Jean Claude et BARRET Gisèle, « *Expression dramatique, théâtres* » ed Hatter, France 1999, P.177 : « Son rôle peut s'envisager à trois niveaux : -celui de la préparation (savoir) ; -celui de la conduite de l'atelier (savoir-faire) ; -celui de sa relation avec le groupe et chacun (savoir-être) ».

a) fiomanana (fahaizana)

Alohan'ny handraisan'ny mpandrindra an-tsehatra ny andraikiny, dia vakiny tsara ny piesy, mba ho azony ny tiany hambara. Rehefa avy eo dia fantariny tsirairay ny karazan-toetra ananan'ny olona tantaraina ao anatin'ny piesy, mba hahazany mamorona ny tokony ho fihetsiny avy. Farany, averiny vakiana miadana, ka andramany asiana horonan-tsary velona hanaraka ny tantara eo am-pamakiana azy ny ao an-tsainy. Ka raha ohatra mitombina sy tanteraka tsara ny fahatsapany ilay horonan-tsary ao an-tsainy, dia mazava ho azy fa azony ampianarina ilay piesy fa tsy misy aloka hanakatsakana azy ka mety ho nanahirana. Avy eo, dia ny mifantina olona izay hampilalaovina ny piesy any amin'ny faritra izay hanaovana ny fampisehoana no ataony. Atao izany, satria tsy maintsy lalaovina amin'ny fitenin'ny olona amin'ny faritra izay anaovana ny tantara tsangana manainga fototra ny piesy. Hoy i Roger LAUFER sy Bernard LECHER. raha manaporofa an'izany:

“Izany indrindra no tsy ahazoantsika mazava tsara amin'ny ankapobeny ny piesy lalaovin'ny mpanao teatra vahiny, noho isika tsy mitazona ireo fahaizana ity fitenim-bahoaka izay aminy no anorenana ny lalaon'ireo mpisehatra”⁴⁸.

Raha hifantina izay hatao mpilalao an-tsehatra ny mpandrindra, dia tsy izay tiany sy ny tsara bika no alainy, fa izay ho mora tefena hanatanteraka ny toetran'olona ao anatin'ny tantara. Ny hahalalany an'izany, dia ny fiarahany midinika amin'olona roa na telo aloha, izay olona mbola tsy heverina ho isan'ny mpisehatra. Tantarain'ny mpandrindra amin'izy ireo ambangovangony ny piesy izay holalaovina. Avy eo dia tanisainy tsirairay ny karazana toetran'olona ilaina, izay mifanaraka amin'ny toetra hita ao anatin'ny piesy holalaovina. Eo vao manonona anaran'olona ao an-tanàna amin'izay ireo roa lahy nitafa tamin'ny mpandrindra, alohan'ny hiantsoana azy.

b) Fitarihana ilay asa (fahaiza-manao)

Rehefa tonga eo amin'ny mpandrindra an-tsehatra ireo tanora voatsonga tao anatin'ny maro, izay hanatanteraka ny filalaovana ny piesy, dia lazainy tsotsotra amin'izy ireo: ny antony namoriana azy, ny antony nisafidianana an'ilay faritra io hanaovana tantara tsangana manainga fototra, ary ny nisafidianana ilay lohahevitra ny piesy holalaovina. Izany hoe, resen-dahatra tanteraka izay hatao mpisehatra, mba hiaiky fa mila fanabeazana tokoa ny

⁴⁸ LAUFER Roger et LECHER Bernard, « *Littérature et Language* », P.106 : « C'est pourquoi nous comprenons généralement mal une pièce jouée par une troupe étrangère, car nous ne saisissons pas les subtilités du langage social sur lequel est fondé le jeu des acteurs ».

olona amin'iny faritra misy azy iny, ary ho afaka mampiaina ny tantara koa izy ireo raha mino izay nambara azy.

Avy eo, dia atolotry ny mpandrindra azy ireo, manomboka amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany ny piesy. Izany hoe, tantarainy ny fizotran'ny tantara. Raha samy naheno avy ireo ho mpisehatra, dia zarainy araka ny toetra ananan'ny tsirairay, ka manakaiky amin'ny toetran'ny olona tantaraina ao anatin'ny piesy ny anjarany. Dia averiny tantaraina sy hazavainy tsikelikely amin'izay ilay tantara. Marihina fa samy manaraka tsara izay anjara hosahaniny ny rehetra. Manomboka eo, dia mifampiantso amin'ny anaran'ilay olona izay soloany ao anatin'ny tantara ireo mpisehatra.

Rehefa mazava amin'ireo izay ho mpisehatra tsirairay ny anjarany, dia iaraha-mamadika amin'ny fitenin'izy ireo amin'iny faritra iny ny piesy izay noforonina tamin'ny fiteny iombonana. Ny asa ataon'ny mpandrindra amin'izany dia ny manaraka tsara ny fandikana azy mba tsy hiborioka, fa manimba ilay hevitra raiketin'ny piesy. Tandremany kosa mba tsy hampiasa voambolana manindrona na mamofady ny ao anatin'ny tantara. Hoy manko ny fanambarana ao anatin'ny Projet UNESCO / ONU SIDA: “Misy maha-zava-dehibe azy koa ny mba tsy ampiasaina ny teny manafintohina ao anatin'ny tantara tsangana”⁴⁹. Miteraka fanafintohinana sy fahakiviana ho an'ny mpijery izany raha avela handeha fotsiny. Voatery tsy hahomby ny fanabeazana izay kasaina hatao, ary horaisiny ho fahavalo ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra rehetra tonga any aminy. Koa rehefa vita amin'izay ny famadihana ny piesy amin'ny fiteny ilàna azy, dia manandrana mampiasa ny sehatra tsikelikely miaraka amin'ny fihetsika sy fiteny ireo mpisehatra, eo am-panaraha-mason'ny mpandrindra an-tsehatra.

c) Fifandraisana amin'ireo vondrona sy ny tsirairay (fahaiza-mitondra tena)

Asa goavana no atrehin'ny mpandrindra an-tsehatra manomboka eto: esorina amin'ireo izay hatao mpisehatra ny fahazarana efa amantarana azy isan'andro. Ny dikan'izany, dia folahin'ny mpandrindra ny fihetsika ataon'ny mpilalao an-tsehatra mba hifanaraka amin'ilay horonantsary velona izay napetrany ao an-tsainy. Tsy mora anefa ny manatanteraka izany, satria sarotra ny miala amin'ny mahazatra. Kanefa na dia izany aza, dia tsy maintsy atao ny hisalovan'ireo mpisehatra ny toetra sy ny fihetsiky ny olona izay soloany ao anatin'ny tantara, vao azo lazaina fa tanteraka ny ilàna azy. Izany hoe, eritreretin'ireo

⁴⁹ Projet UNESCO/ONUSIDA 2003, « *L'approche culturelle de la prévention et du traitement du VIH/SIDA*, P.43 : « Il est également important que les mots employés dans les sketches ne soient pas choquants ».

mpisehatra sy iainany ilay olona soloany ao anatin'ny tantara, fa raha tsy izany dia zava-poana sy rediredy foana no atrehin'ny mpijery satria tsy miaina. Tsy mahagaga raha tsy mankafy tantara tsangana ny olona teo aloha. Hoy manko i Roger LAUFER manamarika an'izany ao:

“Izay manao fampisehoana dia manana ny fitsipika manokana mifehy ny mpisehatra”⁵⁰.

Izany fihetsika alain-tahaka fa tsy ara-boajanahary izany dia ampamerimberenin'ny mpandrindra an'ireo mpisehatra eo ambony sehatra mandrapahamolahana azy. Tandremany tsara amin'izay ny fampiasan'ireo mpisehatra ny fe-potoana sy ny fandrindrana ny fiarahana eny ambony sehatra miaraka amin'ny fihetsika sy ny fiteny isaky ny seho. Marihiny koa mba hifanaraka amin'ny hevitra ny tantara ny fidirana sy ny fivoahana ny sehatra. Rehefa azony antoka amin'izay fa misosa ny fiteny sy fihetsika, dia zariny hampiasa fitaovana avy hatrany ireo mpisehatra. Tsy sasatra manitsy izay tsy mety sy mamporisika ireo mpisehatra ny mpandrindra, mandrapahatongavana any amin'ny fizarana farany amin'ny piesy. Marihina fa isaky ny fizarana no ameremberenana azy tsikelikely raha mbola tsy hay, avy eo akisaka indray amin'ny manaraka.

Amin'ny fotoana ahatsapan'ny mpandrindra fa miaina ny fahitany ny tantara: toa zavatra mitranga marina no atrehina, vao izay azo atao ny famerenana farany mialoha ny fampisehoana. Mahazo manitatra ny teny ataony sy manatsara ny hevitra nomena azy amin'izay ny mpandray anjara amin'io famerenana farany io. Hoy i Jean Claude LANDIER sy Gisèle BARRET:

“Ilaina tokoa raha ny asa atao no mivoatra manomboka amin'ny fanokisokirana vitsivitsy vao izay mihabetsaka”⁵¹.

Afa-po ny mpandrindra raha hitany fa mifanaraka tsara ny samy mpilalao eny ambonin'ny sehatra no sady mitafy fahavononana.

“Ny mpandrindra dia tsy maintsy manatevina ny tantara amin'ny alalan'ny fahaizana mampiasa ny sehatra sy amin'ny firindran'ny piesy”⁵².

⁵⁰ LAUFER Roger, *Littérature et langage*, P.82 : « Celui qui se met en spectacle acquiert le statut particulier d'acteur »

⁵¹ LANDIER Jean Claude et BARRET Gisèle, 1999, P. 197 : « Il est important qu'un atelier progresse du moins impliquant au plus impliquant »

⁵² BROCHURE Projet UNESCO/ONU SIDA P. 61 : « Un metteur en scène doit enrichir la pièce par un travail de réflexion sur l'espace et sur le rythme de la pièce ».

Rehefa hatao amin'izay ny fampisehoana, dia misy fanomanana mialoha ataon'ireo mpilalao an-tsehatra sy ny mpandrindra an-tsehatra. Betsaka ny zavatra mety ilaina amin'ny fampisehoana, toy ny fitaovana hampiasaina, ny fanamiana mifanaraka amin'ny tantara. Eny, fa na dia ny fisafidianana ny toerana hilalaovana aza dia tsy azo atao ambanin-javatra. Koa anjaran'ny tsirairay ny mamantatra ny zavatra mety hilainy na manontany ny mpandrindra mba hiaraha-mamaha.

II.2- Ny sehatra ilalaovana

Ny mahazatra dia efa misy efitrano natokana hanatanterahana ny fampisehoana teatra, na nandoavam-bola izany na tsy nandoavam-bola. Mbola tsy tratra ankehitriny ireo trano miezinezina, tsy natao raha tsy ny teatra no nanorenana azy sahala amin'ny ao Antananarivo. Nokendrena mba ho efitrano malalaka tokoa no anaovana azy, amin'izay olona maro no tafiditra ao anatin'ny indray mandeha noho izy andoavam-bola. Tsy mahagaga ny antony nanaovana an'izany, satria manana endrika fialam-boly ho an'izay mahalala ny teatra, no sady nataon'ny mpana-talenta ho asa mahavelona sy fidiram-bolan'ny kaomina.

Raha ny sehatra tamin'izany no asian-dresaka, dia tsy mba tahaka ny anaovana azy ankehitriny, satria natao lapihazo. Izany hoe hazo narafitra no itsanganan'ny mpisehatra; fa taty aoriana kosa, dia simenitra no narafitra avoavo, mba hahatazanan'ny olona mipetraka any aoriana amin'ny fotoanan'ny fampisehoana. Amin'ireny tanan-dehibe ireny manko dia saika ny tranompokonolona ihany no anatanterahana ny teatra fitadiavam-bola. Ary na ny fanamboarana natao azy aza dia toa efa nomanina tamin'izany na dia zavatra maro no azo atao ao anatin'ny.

Fa raha ny tantara tsangana manainga fototra kosa no jerena, dia somary hafa kely ny momba azy. Toa mifanohitra amin'ny rafitra na ny lamina misy eo amin'ny teatra mahazatra. Ny sehatra ilalaovana aminy dia tsy atao anaty trano, noho izy tsy azo andoavam-bola ny fijerena azy. Raha ohatra misy ihany ny manao an'izany dia tsy tantara tsangana manainga fototra no ataony fa fitadiavam-bola. Tsy maintsy avela hijery daholo ny olona ety ivelany, fa tsy asiana fitakiana vidim-pidirana eo am-baravarana. Izany dia manambara fa ny tantara tsangana manainga fototra dia manantona ny vahoaka fa tsy ny vahoaka no mitady azy. Noho izany, dia manana fepetra entina isafidianana azy izany sehatra atokana hilalaovana ny tantara tsangana manainga fototra izany.

II.2-1- Toerana malalaka misy aron-tsehatra

Na dia atao an-kalamanjana aza ny tantara tsangana manainga fototra mba ho famelana ny olona hahita malalaka ny tantara, dia manaja ihany ny fepetra-tsafidy takin'ny zava-kendren'ny karazana tantara tsangana hatao. Ohatra, ilay tantara tsangana manainga fototra dia mitaky an'ireto:

- tsy maintsy misafidy toerana malalaka tsara, mba tsy hahafahan'ny olona mitangorona maro rehefa manatrika fampisehoana;
- tsara raha mahazo aloka ny mpijery raha toa ka, amin'ny fotoana izay mampigaingaina mafy ny hain'andro no anaovana fampisehoana;
- toerana tsy ahitana fivezivezen'ny fiara sy ny sarety matetika, mba hisorohana ny tabataba sy ny fanelengelenana;
- ny sehatra ialalaovan'ny mpisehatra indray dia tsy maintsy malalaka koa, mba hahafahan'ny mpisehatra mihetsika sy mampisongadina mazava tsara ny hafatra tiany hampitaina amin'ny mpijery; namaritra an'izany i Roger LAUFER ho 15 metatra ny lavany ary 12 metatra ny sakany amin'ny ankapobeny eo amin'ny tantara tsangana mitety vohitra.⁵³
- tsy azo leferina ny tsy fahitana aron-tsehatra ao aorian'ny sehatra ilalaovan'ny mpisehatra. Izany hoe, mety ho rindrin-trano na lamba namboarina na fiara ihany no ao an-damosin'ny mpilalao.

⁵³ LAUFER Roger 1957, P.83 : « *Le théâtre forain mesurait en moyenne 15 mètres de longueur et 12 mètres de largeur* »



Aron-tsehatra rindrina



Aron-tsehatra atao amin'ny fiara

Ao aorian'io aron-tsehatra io no ametravana ny fitaovana sy fanamiana mety hilaina amin'ny fampisehoana. Mbola ao koa no ahazoana misolo fitafiana haingana raha takin'ny tantara lalaovina izany, ary ireo mbola tsy mandray anjara kosa dia miafina ao. Araka ny filazana eo ambony dia tsy azo hamaivanina ny fisian'ny aron-tsehatra, satria mandray anjara lehibe eo amin'ny fandresen-dahatra ny vahoaka mpijery izy. Izany hoe, izy no mametra na manakana ny mason'ny mpijery mba tsy hihoatra ny zavatra aseho azy eo ambony sehatra. Raha tsy misy izy io, dia hifangaro ny zavatra aseho sy ny tsy aseho, ka voasintona amin'ny zavatra hafa ny mason'ny mpijery sy ny fifantohany. Tsy misy tantara ho azony amin'izay naseho azy teo, satria voaelingelina izy. Lasa “mitondra entana tsy voafehy”⁵⁴ any amin'ny fianakaviany amin'izay izy:

“Ny ain'ny sokatra hono no sarobidy noho ny ain'ny olombelona”.

Mety hilaza koa isika, fa ho aiza ny fandravahana ny sehatra no tsy hahavariana ny mason'ny mpijery. Ny valiny dia tsotra fotsiny: nofoanana daholo izy ireny, tsy dia mitaky an'izany ny tantara tsangana manainga fototra, satria azo afindrafindra isan'andro, na entiny mitety vohitra, ka tsy misy fotoana hanomanana an'izany isaky ny hanao fampisehoana. Ary raha hanehoana ny toerana itrangan'ny tantara no hilàna ilay ravaka an-tsehatra, dia mbola tsy ilaina ihany, satria efa any amin'ny faritra izay itrangan'ny zavatra no anaovana ny fampisehoana. Izany hoe, efa io faritra io ihany no aseho. Manamarina an'izany RAZAFIMAHATRATRA Noro:

“Tsy mampiasa ravaka mavesatra eny an-tsehatra intsony izy ireo ary indrindra ny fanafoanana azy tsy hisy mihitsy eny an-tsehatra”⁵⁵.

Ny fihetsika sy fiteny no entin'ny mpisehatra mameno sy manolo an'izany eny ambonin'ny sehatra.

Tsy vitan'izany ihany no nofoanana teny ambony sehatra, fa na ny zava-maneno kosa. Efa mazava fa tsy misy hira ilay tantara tsangana manainga fototra. Noho izany dia tsy mila zava-maneno loatra. Raha sendra misy, dia natao ho famoriana olona eo am-pahatongavana na eo am-panombohana izany.

⁵⁴ « Tsy voafehiny tsara ny hevitra, ka raraka ny an-kabetsahany, fa kely ihany no tonga any an-trano »

⁵⁵ RAZAFIMAHATRATRA Noro, 2002, Tak. 148



Fampisehoana nisy zava-maneno

Tsy manana fotoana maharitra hiatrehany ny fampisehoana izay atokana ho azy ny mponina any ambanivohitra. Izany no tsy analavana ny fandaharana amin'izany hira izany. Na dia avory amin'ny zava-maneno anefa ny olona dia matetika ny ankizy madinika no taitra voalohany manatona ny toerana misy azy. Noho izany, dia tsy maintsy jerena tsara ny toerana hahazoana olona fa sao tsy hahafa-po ny habetsahan'ny olona tonga.

II-2-2- Toerana mahasintona mpijery:

Lasa herim-po very maina ny fanomanana natao manetriketrika amin'ny fanomanana ny tantara tsangana manainga fototra, raha tsy misy vonona ny olona izay hijery azy. Tena fatiantoka tokoa no azo ilazana azy, satria ny vahoaka izay nanokanana ny fanabeazana indrindra no tsy manatrika. Izany dia tsy miseho fotsiny, fa misy antony mahatonga azy. Koa anjaran'ny manao fampisehoana no mitandrana alohan'ny hanao fampisehoana na alohan'ny hamory vahoaka, sao herim-po very maina ihany ny fanomanana natao. Manamafy izany RAZAFIMAHATRATRA Noro, fa:

“Ny fahatafitan'ny hafatra no zava-dehibe sy tanjon'ireo mpanoratra sy ny mpandrindra an-tsehatra ary ny mpisehatra. Fahafinaretana sy fiombonana aina ho iray amin'ny mpanao teatra noho ny tantara iray iaraha-mijery no tanjon'ny mpijery⁵⁶”.

⁵⁶ RAZAFIMAHATRATRA Noro, 2002, tak. 15

Iza àry no homena tsiny raha tsy vory ny olona hihaino ny tantara tsangana manainga fototra? Sa mandainga kosa i Roger LAUFER sy Bernard LECHER BONNIER mahita fa:

“[...] Toerana fanaovana fampisehoana, nefa fivoriana indray: fivorian’ny mpisehatra, fivoriam-bahoaka manokana, fiforonan’ny firaisan’ny mpisehatra sy ny mpijery izay lasa mifanatrika amin’ny fotoana voatondro, amin’ny fotoana itrangan’ny fampisehoana no samy andraisan’izy ireo anjara amin’ny fomba samihafa. Toerana natao hifanakalozana”⁵⁷.

Raha izany àry no marina, dia ny toerana amorian’ny mpanao tantara tsangana tsy mahazo vahoaka no tsy mahasintona mpijery.

Koa mba hisorohana mialoha ny tsy fahombiazana amin’izany zava-kendrena izany, dia tsara ny ahaizana misafidy ny toerana tokony hahasintona ny mpijery alohan’ny fampisehoana. Amin’ny tsy fahafantaran’ny olona any ifotony ny lanjan’ny tantara tsangana manainga fototra dia tsy azo atao tsinontsinona ny famandrihana azy ireo amin’izany toerana mahasintonsa mpijery izany. Inona moa no lazaina hoe toerana mahasintona ny mpijery? Ny dikan’izany dia izao: io toerana io dia manamora ny fihaonan’ny olona andavanandro, na koa toerana efa mahazatra ny ankabetsahan’ny mponina ny mandalo na mipetrapetraka eo. Raha adika dia tsy banga olona mihitsy amin’ny andavanandro io toerana io. Mety koa safidianin’ny olona andalovana matetika satria manafohy ny làlana tiany haleha ao anatin’ny tanàna. Na izay indray, misy ny zavatra tena ilainy isan’andro, ka mandalo eo ny làlany mankany. Izany rehetra izany dia iezahana ho fantatra ao anatin’ny fotoana vitsivitsy mialoha ny hanombohan’ny lanonana mba tsy hampangaihay. Ahoana hoy ianao no hahalalan’ireo mpanao tantara tsangana mialoha izany ao anatin’ny fotoana fohy. Amin’ny alalan’ny fanadihadiana amin’ireo tompon-tanàna sy fandinihana ny toerana izay lazainy no ahafahana mamantatra an’izany. Noho izany, dia ireto daholo no manakaikikaiky izany toerana mahasintona mpijery izany:

- tsara raha atao eo amoron-tsena ny fampisehoana, mba hanaitra ny olona miantseña ny zavatra itangoronana;

⁵⁷ LAUFER Roget et LECHER Bernard 1975, P. 93 : « [...] C’est un lieu de représentation, mais aussi de rassemblement : rassemblement d’acteurs, rassemblement d’un public, création d’une communauté d’acteur et de spectateurs qui se retrouvent face à face pour un temps déterminé, le temps d’une manifestation à laquelle ils vont participer de manière différente. C’est un lieu d’échange ».

- mety koa raha atao eo akaikin'ny sampanan-dàlana, izay ifanenan'ny olona matetika, raha tiana ho voasintona ny mpandalo;
- ny tena tsara dia ny toerana somary avoavo, ka tazan'ny olona lavidavitra no sady tsy sembatsemanin-kazo mihitsy ny eo anoloany sy ahatsapana filaminana.

Ny irariana mafy anefa eo am-panatontosana ny tantara tsangana manainga fototra dia ny mba hananana vahoaka maro an'isa, hamafazana indray mandeha ny fanabeazana. Ka izay manatrika amin'izany no hitondra izay hitany sy tsapany teo amin'ny fampisehoana, ka mankany amin'ny fianakaviany izay tsy nahita. Izany indrindra no tena isafidianan'ny mpanao tantara tsangana manainga fototra ny andro tsena mba hanaovany fampisehoana amin'ny tanàna iray, satria vory ao daholo ny karazan'olona: na lahy, na vavy, na lehibe, na kely, na antitra, na tanora araka ny sokajy misy avy.

II-3- Sokajin'ny mpijery

Tsy misafidy sokajin'olona mahazo mijery azy sahala amin'ny sary velona mamoa fady ny tantara tsangana manainga fototra. Ny vatan'olona rehetra miriaria ao anatin'ny tanàna na ao anatin'ny fiaraha-monina dia samy manana ny tandrify azy avy. Izany hoe anjaran'ny mpilalao an-tsehatra ny mandroso ny anatra amin'ny alalan'ny tantara, ka anjaran'ny tsirairay amin'izay ny mampiditra an-tsaina izay mahakasika azy, fa tsy terena mihitsy araka ny fanamarihana izay hita ao anatin'ny Gazety Ny Fandrosoam-baovao⁵⁸. Arak'izany antony izany anefa, dia tsy maintsy kendren'ny mpanoratra izay hahafa-po ny isaky ny sokajin'olona tokony hanatrika eo, satria samy manana ny antony ahatongavany eo izy ireo.

II-3-1- Ny olona tonga ho azy

Rehefa tonga ny andro izay nokasaina hanatanterahana ny tantara tsangana manainga fototra ao amin'ny tanàna izay kendrena hahazo fanabeazana anankiray, dia samy mitondra fanamiana eran'ny tanàna ireo mpisehatra mba hahafantarana azy ireo fa mpilalao teatra. Indraindray dia voasoratra amin'ny lobaka itafiany ny maha-mpilalao teatra azy sy ny toerana niaviany. Raha tsena moa ny andro hanaovana ny fampisehoana, dia vao mainka

⁵⁸ Auteur Anonyme: 30/04/1925, Texte n° 29

tsara ny itondrana ilay fanamiana hatrany anatin'ny olona any. Taitra ireo mamaky ny soratra, ka manontany ny fotoana sy ny toerana hanaovan'izy ireo fampisehoana. Eo no anazavan'izay ametravana fanontaniana sy ny andokadokafany ny zavatra hataon'izy ireo. Hararaotiny min'izany avy ny fanambarana ny lohatenin'ny tantara holalaovina, mba hahavoasarika ny olona maheno azy.

Ireny olona nifanena tamin'izy ireo ireny indray no milaza amin'ny havany sasany hitany ao an-tseny, izay mbola tsy naheno. Lasa ambetin-dresaky ny olona eny an-tseny ny ho fisian'ny tantara tsangana manainga fototra eo an-toerana.

Marihina anefa, fa ny ankabetsahan'ny olona monina any ambanivohitra, dia mbola tsy mahalala an'izany teatra izany. Fa raha miezaka manazava azy ireo mpilalao, dia tsoriny hoe: “FIHISA” na lazainy mivantana hoe: “Ohatra amin'ny tokony hataonareo no hasehonay”. Hitantsika amin'izany, fa toa mbola manjavozavo sy mahagaga an'ireo mponina ihany ny zavatra haseho azy.

Tonga amin'izay ny fotoana. Efa nikenokenona eo amin'ny toerana izay hanaovana ilay tantara tsangana manainga fototra ireo mpisehatra sy ny mpandrindra. Satria liana te-hahalala izay zavatra haseho azy ireo zaza amam-behivavy, dia manomboka tsy tana intsony fa manatona tsikelikely ireo mpana-talenta. Ny iafarany dia safotra itangoronan'ny olona ho azy ireo mpisehatra. Ny tena betsaka amin'ny fijerena zavatra toa itony manko dia ny zaza amam-behivavy. Tsy azo heverina ho maivan-danja anefa ny fahatongavan'izy ireo hanatrika ny tantara tsangana toy izao fa tena ilaina, indrindra ireo vehivavy. Raha izy ireo no omena fiofanana sy voaentana tsara amin'ireo loza ateraky ny fahasimban'ny tontolo iainana eo amin'ny fiainam-pianakaviana, dia ho afaka ho mpanentana sy mpiaro ary mpanantanteraka ireo lahatr'asa izay hamahana ireo olona isankarazany. Hoy i Dr RANAIVOARISON Rija, rehefa nitafa tamin'ny Vintsy momba ny fifandraisan'olombelona sy ny tontolo iainana. Raha manabe lehilahy iray isika, dia manabe olona iray, fa raha manabe vehivavy iray kosa, dia manabe fianakaviana iray”⁵⁹. Izany hoe, izy no tena mifanosihosy voalohany amin'ny zaza aterany ao anatin'ny ankohonany.

⁵⁹ Dr RANAIVOARISON Rija, Gazety Vintsy “*Population et environnement* n° 47 – P.24: « If we educate a man, we educate a person, but if we educate a woman, we educate a family ».



Betsaka zaza amam-behivavy

Tsy tokony hatao tsinontsinona ny fitangoronan'ny ankizy hijery zavatra eo, fa ilaina ihany. Izy ireo no tena mpankafy tantara, sady tsy misy very izay hitany sy henon'ny sofiny satria mbola mitazona tsara ny fitadidiany. Manao ahoana ny famerenany mitantara ny angano, na ireo sary velona amin'ireo namany sy ny Ray aman-dReniny. Eny, fa na amin'ireo namany samy nahita aza, dia mifampitantara sy mifanitsy arak'izay fahazoany azy avy ilay tantara. Toa ahitana adihevitra eo amin'ny samy ankizy indraindray, satria mety tsy mitovy ny fahazoana. Indrindra raha mampiasa zava-maneno ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra eo am-panombohan'ny lanonana, dia sahala amin'ny tselatra ny fitangoron'ny ankizy eo amin'izy ireo. Misy aza ny sasany mandihindihy manaraka ny figadon'ny mozika, ka vao mainka misarika ny mpijery izany.

Tena malalaka mihitsy ny fahazoana mijery ny tantara tsangana manainga fototra eny ambanivohitra, tsy mba anavahana na iza na iza, no sady tsy voasakatsakan'ny fandoavam-bola sahala amin'ny teatra atao any an-tranompokonolona. Na dia eo aza izany fahalalahana izany, dia misy ihany ny olona tena kendrena amin'izany fanabeazana izany, arak'izay tatitra azo amin'ireo tompon-tanàna hanaovana fampisehoana. Koa tsy maintsy atao anefa ny fomba hampanatrehana an'ireny olona ireny ny fampisehoana.

II-3-2- Ny olona asaina hijery

Tsy tsara raha atao tompon-trano mihono ireo ray aman-dreny sy ny mpisorona ary ny manampahefana ao amin'ny tanàna izay hanaovana fampisehoana, alohan'ny

hanatanterahana azy. Raha tsy izany no atao, dia mety ho zavatra tsy mifanaraka amin'ny eritreritry ny mpanao tantara tsangana manainga fototra no hiseho:

Mety hanohitra ny fisian'ny fampisehoana eo an-tanàna ny manam-pahefana noho ny antony maro (misy fomban-drazana atao, misy famoriam-pokonolona ataon'ny manam-pahefana, misy kabarim-pokonolona...);

Mety hihevitra ho tsy hajaina ireo manam-pahefana sy ny loholona ka lasa manome fo ny olona tsy hivory;

Mety tsy ho tonga eo amin'ny fampisehoana ny olona tena ilaina mba hanatrika ny fampisehoana, satria raisiny ho zava-maivan-danja no hatao;

Mety ho kotabain'izay te-hanakorontana sy ireo mamo toaka ny lanonana, satria tsy miankina amin'ny manam-pahefana; fa indrindra raha ny zavatra ataon'ny tanora andavanandro no voatohintohina ao anatin'ny tantara lalaovin'ny mpisehatra.

Ny tokony hotandremana anefa, dia ny hahazoana ny fon'ny tanora fa tsy ny vehivavy ihany, satria mbola azo lazaina ho fanoitran'ny fiovana eo amin'ny fiaraha-monina koa izy, araka ny voalazan'ny Biraom-paritra momba ny fanabeazana aty Afrika⁶⁰. Ny foto-kevitra iankinan'ny fampisehoana ny tantara tsangana manainga fototra anefa dia ny hampisy olona hampitana ny hafatra mba tsy hiraraka an-tany. Koa mizara roa ny endriky ny fanasana ny olona hijery ny tantara tsangana manainga fototra eto:

Ao ny fanasana ny manam-pahefana izay mifono fangatahana alàlana sy fampahalalana ny zavatra atao. Izany hoe, tsy tokony hatao avy hatrany eo amin'ny tanàna iray ny tantara tsangana manainga fototra, raha tsy efa nisy fihaonana mialoha teo amin'ny manam-pahefana eo an-toerana sy ny mpandrindra ny tantara tsangana. Lazainy mazava amin'ny tompon-tanàna ny antony hanaovana ilay tantara tsangana manainga fototra eo an-toerana sy ny hevitra fonosin'ilay tantara holalaovina. Izay vao mety haneho ny fankasitrahany ilay manam-pahefana, noho ny fitondrana ny karazan'asa fampandrosoana amin'ny tanàna izay iadidiany. Tsapany mantsy fa tombontsoan'ny vahoaka eo ambany fifehezany no anatanterahana an'izany raha tena tia tanindrazana izy, satria tafahaona ny tia sy ny manina.

Mba hisorohana ny disadisa mety hitranga sy hitandrovana mafy ny filaminana mandritra ny fotoana anatanterahana ny fampisehoana, dia ny manam-pahefana indray no asain'ny mpandrindra ny tantara tsangana mba hanokatra ny lanonana sy hanendry olona izay

⁶⁰ Bureau régional pour l'Education en Afrique ONU/SIDA 2003, P. 37 « Le théâtre est un outils de sensibilisation apprécié par le public, particulièrement par les femmes et les jeunes, qui sont souvent les moteurs du changement social ».

handamina ny mpijery. Rehefa avy eo, dia mbola iangavian'ny mpandrindra tantara tsangana ihany izy mba hitarika azy indray any amin'ny mpisorona be eo an-tanàna, satria izany olona izany dia mbola manana ny hasiny tokoa rehefa mibaiko ny taranany sy ny mponina manodidina azy ka tsy tokony hohamaivanina. Koa anjaran'ny manam-pahefana koa no mamerina ny famelabelarana ny antony hanaovana ilay tantara tsangana ao amin'izy ireo sy izay hevitra raiketiny. Rehefa vita izay fanazavana izay, dia asaina koa izy mba hanatrika raha ohatra ka afaka. Izany no atao, dia ho fanehoana ny fiombonan-kevitra aminy sy ho fanomezan-kaja azy.

Raha sanatria ka tsy afaka kosa anefa izy, dia tsy maintsy mandefa iraka ihany mba hisolo azy any amin'ny lanonana sy hanao tatitra aminy amin'izay zavatra rehetra mety mitranga any. Misy aza, ny tenany ihany no mamporisika ireo taranany mba ho samy hirohotra mankany amin'ny lanonana. Marihina fa tsy misy mahasahy hanohitra ny teniny ireo olona manodidina azy satria mbola manaja ny lamina eo amin'ny fomban-dRazana izy ireo.

Ny faharoa dia ny fanasana manokana ireo olona izay tena mila fanovana toe-tsaina haingana eo amin'ny fiaraha-monina. Tsy avy hatrany dia sambotsamborina fotsiny ireny olona ireny, fa misy fomba tsy maintsy arahina. Izany hoe, ambara amin'ny olona vitsivitsy ny olona lehibe vahana ao anatin'ny piesy izay holalaovina na ny antony namoronana azy, dia atolotr'izy ireo moramora hoe: “Ranona no manao an'izany eto aminay”, ireo anaran'olona. Tsy misy miafina amin'izy ireo iray tanàna manko ny zava-misy ao anatin'ny fiaraha-monina, saingy “ganagana manasa loha ka samy manao izay saimpantany”. Io indrindra no tena ilàna fanabeazana handrindra sy hanitsy azy, fa lasa hihapotika ny hoavin'ny taranaka. Koa anjaran'ny manam-pahefana eo an-toerana no mampiantso ireo olona notsongaina manokana ireo, mba hiatrika ilay fampisehoana tantara tsangana manainga fototra feno fanabeazana izay holalaovina. Tsy hasiany hajany izany fanasana izany raha ohatra olon-kafa no manao azy, fa raha ny manam-pahefana kosa dia raisin'izy ireo ho fanomezan-kaja amam-boninahitra ho azy tsirairay.

Tsotra am-pitenenana, fa sarotra am-panatanterahana ny tantara tsangana manainga fototra raha zohina ny lalan-kizorany manomboka eo am-panoratana ny piesy, ka mandra-pahatongavany any amin'ny fampisehoana eo anatrehan'ny vahoaka. Tsy midika fahatratrarana ny tanjona ny hakanton'ny fandrafetana ny tara-kevitra ao anatin'ny piesy, ary mbola tsy azo lazaina mahafa-po ny fahasahan'ny filalaovana ny piesy eny ambony sehatra raha tsy vonona daholo ny sokajin'olona ao anatin'ny fiaraha-monina, ho samy haka ny tandrify azy. Fa hoy ny gazety Ny Fandrosoam-baovao: “Tantara jerena toy ny misy ny

théâtre ka ny “MORALE” samy maka ny tandrifiny⁶¹”. Ny fiarahan’ireo telo tonta ireo no mahatomombana ny atao hoe tantara tsangana manainga fototra aty amin’ny FARITRA ATSIMO ANDREFANA.

⁶¹ Auteur Anonyme, 30/04/1925, n° 16

**FIZARANA III: NY TANTARA TSANGANA
MANAINGA FOTOTRA FANOITRAN'NY
FANABEAZANA**

Lalanam-piainan'olombelona ety ambonin'ny tany no mikatsaka hatrany izany fandrosoana izany, mandra-pahatapitry ny fofon'ainy. Tsy azo lazaina ho miara-miainga ny dingana atao amin'izany fandrosoana izany eo amin'ny samy Firenena, na eo amin'ny samy Faritra, na eo amin'ny samy tanàna, na eo amin'ny samy Foko na eo amin'ny samy olombelona. Misy ireo izay manao dingan-droa na mirimorimo, ary eo kosa ny mitaredretra famindra ka saika tsy maharaka ny namany. Ahoana tokoa moa no hampitovy ny fivoarana rantovin'ireo nahita fianarana sy izay bado tsy afaka mamaky teny sy manoratra? Marina tokoa fa “ny omby indray mandry, tsy indray mifoha”.

Mba hampitovizana tantana ny fivoarana misy ao anatin'ny faritra, dia mitaky FANABEAZANA mafimafy ireo niangaran'ny vintana mba hivoahany avy ao anatin'ny lavaka misy azy. Tsy vitan'ny resaka fotsiny anefa izany, fa tsy maintsy ametrhana lamina sy tetika maty paika mba hoentina manatanteraka azy. Koa ny “Tantara tsangana” izay noheverin'olona ho lalao natao ho fialamboly hatrizay no niteraka ny “Tantara tsangana manainga fototra”, anabeazana ny vahoaka izay mbola tsy mahafantatra mazava tsara ny lalana tokony hizarany. Izany hoe, ny tantara tsangana manainga fototra dia fomba iray ahafahana manabe tokoa ny vahoaka hatrany ifotony. Azo antoka ve ny fahombiazan'izany?

III-1- Ny antony mampahomby ny tantara tsangana manainga fototra eo amin'ny fanabeazana

Samy mifarimbona mikaroka ny fomba hoentina hanabeazana ny vahoaka mba ho afaka hanatsara ny toe-piainany ny fitondram-panjakana sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Matoa misy izany ady amin'ny habadoana izany dia manaporofa ny fandraisan'izy ireo andraikitra. Tsy vitan'izany, fa mbola ao koa ireo fanentanana isankarazany: toy ny famoriam-bahoaka ikabariana, ny fampiasana ny vata fampielezam-peo sy ny vata fahita lavitra ary ny fandefasana ny sary velona sy ny fanoratana ny gazety. Ireo rehetra ireo, dia mbola ampiana izao karazan-piofanana isankarazany izao.

Ny mampalahelo anefa, toa “rano natondra-gisa” amin'izy ireo ny fahaizana amam-pahalalana sy fahendrena entin'ireny, satria raisina am-pahazarana fotsiny. Ny mahasarika ny vahoaka kokoa dia ny miatrika ny tantara tsangana manainga fototra noho izy akaiky azy loatra. Manaporofa an'izany ny fanambarana nataon'ny Biraom-paritra momba ny fifanabeazana Afrikana :

“Marina tokoa fa ny fandikana matetika amin'ny fitenim-bahoaka ireo piesin'ny tantara tsangana dia tena ahazoa-mihaona amin'ny tsy ampy

fianarana na tsy mahay mamaky teny izay monina anatin'ireny tanan-dehibe ireny sy ambanivohitra, toy izay ny vata fahita lavitra, ny vata fandraisam-peo, ny sary mihetsika na filazam-baovao an-tsoratra”⁶².

Ny tantara tsangana manainga fototra izany no fanalahidim-pivoarana eo amin'ny tsy ampy fianarana sy ireo tsy nianatra mihitsy. Ahoana tokoa moa, no mahatonga an'izany?

III-1-1- Noho izy hita maso sy azo tsapain-tànana ny mpisehatra

Ny tantara tsangana manainga fototra dia tsy hafatra miampita amin'ny alalan'ny zavatra, na misy mpahay mitantara ka asaina hitantara izay zavatra hitany eo amin'ny vahoaka, fa hita mivantana sy azo kasihin-tànana ny mpilalao an-tsehatra. Mifandimby miharihary eo ambonin'ny sehatra ny karazan-trangan-javatra rehetra tian'ireo mpisehatra haseho. Misava tanteraka ny saina fatopatoran'ny hoe angambangamba, fa indro mangarika eo anoloana ny fisehoan-javatra isan'ambaratongany mandra-pahatongavany any amin'ny fiafarany. Koa tsy tatitra miampitapita, araka ny efa voalaza eo ambony no henoana, fa vatan'olona mihetsika toa itrangan-javatra marina no banjinina. Ary ny fahitana maso azy no miteraka fitokisana amin'izay ambarany, fahamafisam-pinoana amin'izay zavatra asehony, no sady manala tsikelikely ny nofinofy. Raisintsika ohatra ny fahamarinan'ny olona anankiray izay tia mandoro ala sy mandoro tanety ao anatin'ny fiaraha-monina misy azy. Voasambotra anefa izy raha mbola teo am-panaovana ny asa ratsiny. Tsy notantaraina anefa izany rehetra izany, fa iaraha-mahita eo ambony sehatra. Io dia voatantara ao anatin'ny tantara nangonina ao amin'ny tahirin-kevitra, izay mitondra ny lohateny: “RAMAKA MANDALO”⁶³.

⁶² Bureau Régional pour l'Éducation en Afrique ONU/SIDA 2003, p.35 : « En effet, interprétées le plus souvent en langues locales, les pièces de théâtre sont plus accessibles aux populations peu scolarisées ou analphabètes qui résident dans les zones urbaines et rurales, que la télévision, la radio, le cinéma ou la presse écrite ».

⁶³ « TTR-2 (P.16-17) »



Ramaka mandoro tanety



Ramaka voasambotra

Mazava ho azy, fa hita sy mifantoka ao an-tsaina ny asa ratsin-dRamaka, ary mazava amin'ny mpijery ny fomba atao azy. Ny tena maha-zava-dehibe amin'ny fahitana mivantana an'ireo mpilalao an-tsehatra ireo mantsy, dia ny fanirian-kevitra ao an-tsain'ny mpijery izay manendry tena ho isan'ny mpandray anjara. Tsy ahitan-tsoritry ny fisalasalana ny eny amin'ny endriny, ary tsy mametraka ny tenany ho ivelan'ny zavatra aseho izy ireo: foana ho azy ny elanelana misy eo amin'ny mpandefa hafatra sy ny andefasan-kafatra. Mipoitra mora foana ny fahatsapan'ny mpijery ny pitsopitson-javatra izay tokony ho niafina, satria mahatsiaro tohina ny amin'ny maha-izy azy izy noho ny “teatra mahasahana ny maha-olona manontolo”, araka ny fanamabaran-dRAZAFIMAHATRATRA Noro tamin'ny asa fikarohany, ka

“voakasika ny vava, ny sofina, ny maso raha mijery teatra; toa izany koa ny fo sy fanahy noho ireo fihetseham-po hita ao aminy ary ny saina noho ny fanadihadiana ny tsara sy ny ratsy azo raisina avy amin'ny tantara tsangana⁶⁴”.

Aoka hazava tsara, fa ny zavatra hita maso sy manaitra dia sarotra mikosoka ao anatin'ny saina. Matetika aza izy ireny dia lasa arofenitra eo amin'ny fitondran-tenan'ny tsirairay, na atokany hatao modely eo amin'ny lafim-piaianana andavanandro raha toa ka mitovitovy tamin'ny trangan-javatra efa nojerena tao anatin'ny tantara tsangana manainga fototra no miseho. Fa ireo fanabeazana norantovina tamin'ny alalan'ny fampielezam-peo sy ny fanentanana amoriam-bahoaka ireny, dia mora mandalo sy mora miala ao anatin'ny

⁶⁴ RAZAFIMAHATRATRA Noro, 2002, tak 149

fitadidiana izay fahalalana azo. Ny hita maso indray dia tonga dia miraikitra ao an-tsaina no sady tafajanona maharitra araka ny fanadihadiana natao. Misy oha-pitenenana vahiny anankiray, nataon'ireo Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana mbola manamafy an'izany hoe:

“Izay zavatra tenenina amiko, dia henoko, izay hitako, dia tadidiko, izay ataoko dia haiko, fantatro”⁶⁵.

Tsy midika anefa izany, fa tsy maintsy raiketin'ny mpijery ao an-tsainy daholo izao rehetra izao rehefa mandalo eo imasony. Mety misy zavatra tsy maharototra ny olona na tsy mahakasika azy no ataon'ireo mpiangaly tantara tsangana manainga fototra, ka anjaran'ny vahoaka mijery no manao sivana ao an-tsainy. Fa hoy RANDRIANIRINA Jean Claude

“Ny vahoaka no mpitsara farany na dia notefena sy namboamboarina ho tonga kanto aza ny lahateny. Miankina aminy ny maha-kanto sy tsy maha-kanto ny lahateny iray”⁶⁶.

Izany dia mitory avy hatrany fa tsy harisika velively amin'ny zavatra aseho azy ka tsy fantany sy tsy mazava aminy ny mpijery.

III-1-2- Ny fahamarinan'ny zavatra aseho

Angamba iarahantsika miaiky fa tsy hisy olona hifantoka amin'ny zavatra heveriny ho sadasada na manan'endrika kitoatoa. Mahatsapa tena ho very fotoana ihany manko izy raha miatrika an'izany, noho izy manjavozavo ka sarotra ampiharina eo amin'ny fiainana mahazatra. Ny lazaina hoe: “manjavozavo, sadasada, kitoatoa” eto, dia ilay votoatin'ny fampisehoana ataon'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra no tsy zavatra iainan'ny vahoaka monina any amin'ny faritra izay anaovana ny fampisehoana. Raha mandray ohatra isika: “olona iray mividy dobera sy mofodipaina mba hosakafoiny, alohan'ny hankanesany any an-tsaha” no aseho eo ambony sehatra. Mety ho nofy anefa izany, raha fotopotorina tsara eo amin'io tànana anatanterahana ny fampisehoana io ka lasa maivan-danja amin'ny mpijery ny zavatra jereny satria tsy fanaony.

Raha tsiahivina etoana ny anompanan'ireo mpanoratra ireo piesy lalaovina amin'ny tantara tsangana manainga fototra izay soratany, dia mifantoka tanteraka amin'ny

⁶⁵ Bureau Régional pour l'Education en Afrique ONU/SIDA, 2003 P.41 : « *Ce que l'on me dit, je l'entends, ce que je crois, je le retiens, ce que je fais, je le sais, j'y crois* »

⁶⁶ RANDRIANIRINA Jean Claude Maddox, *Ny Zafindraony...*, Memoire de Maîtrise, Université de Toliara 2007, tak. 29

tokony ho fiaimpiainan'ny olona monina amin'ilay faritra, izay natokana ho kendrena homena fanabeazana. Izany no atao, dia mba hampiaiky avy hatrany ireo vahoaka ny fahamarinan'ireo zavatra aroso eo anatrehany. Azo raisina ho ohatra, ny any amin'ny “faritra Mikea”⁶⁷ iny, dia ny fanimbana ala sy fivarotana hazo sarobidy an-tsokosoko no nasehon'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra, ka nampitondraina ny lohateny hoe: “IFOTERAN'NY RAMBONY”⁶⁸, satria izany no zava-misy; ny manamorona ny morontsiraky Anakao sy Beheloka ary Itampolo iny, dia ny tsy fanajana ny lalana mifehy ny fanjonoana sy ny fanimbana ny toeram-pihazana eny an-dranomasina no novoizina tamin'ny tantara tsangana manainga fototra, nampitondraina ny lohateny hoe: “TANDREMO KOA TY AFARA”⁶⁹; ary ny ohatra farany, ny amin'ny tanàna manodidina an'Ankililoaka sy Ampasikibo iny, dia tsy marisika loatra tamin'ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana satria betsaka ny tsaho mampatahotra azy ireo tamin'izany. Koa ny tantara tsangana manainga fototra, izay nampitondraina ny lohateny hoe: “TY AFARA RO ARENE”⁷⁰, ao anatin'ny tahirin-kevitra, no zary fanafody nentina nanasitrana ny aretin-tsaho izay niparitaka isan-tokantrano. Manamafy an'izany ny Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana hoe:

“Ilaina ny manome ny olona ny vaovao izay manitsy ny tsaho sy ny vaovao diso, ary io vaovao io dia tsy maintsy kendrena tsara, mitazona ny fahamarinana sy ny zavatra ilain'ireo vondrona kendrena ary ampiasana izay fiteny mora azo”⁷¹.

Toy izany daholo ny fomba nanoratana an'ireo piesy voarakitra ao anatin'ny tahirin-kevitra ao ireo. Tsy tanteraka an-tsakany sy an-davany anefa izany, raha tsy voahajan'ny mpanoratra ny fanadihadiana mialoha ny faritra izay kasaina homena fanabeazana.

Noho ny fisian'izany fanadihadiana ataon'ny mpanoratra piesy mialoha izany, dia tsikaritra eo am-panatanterahana ny fampisehoana, ny fahatsapan'ireo mponina ny maha-zava-misy iainany andavanandro ny zavatra aseho azy eo ambony sehatra.

⁶⁷ « Manamorona ny RN9 : Antanimeva, Soahazo, Analamisampy, Belitsaka, Ankililoaka, Ampasikibo, Ankilimalinika » Vinty N°44, P.10

⁶⁸ « TTR-6 (P.43-53) »

⁶⁹ « TTR-1 (P.01-09) »

⁷⁰ « TTR-4 (P.24-32) »

⁷¹ Bureau Régional pour l'Education en Afrique ONU/SIDA 2003, P. 43 : « Il est nécessaire de fournir aux gens une information qui corrige rumeurs et désinformation, et que cette information doit être ciblée, tenir compte de la réalité et des besoins du groupe cible et utiliser un langage qui leur soit accessible ».

Ny tantara tsangana dia ambaran'ny Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana hoe:

“fitaratry ny fiaraha-monina izy. Manampy amin'ny fanehoana toe-javatra marina izay manamarika ireo toe-tsaina ary manolotra ny vahoaka ny fahazoana mampitovy”⁷².

Koa rehefa maneho ireo karazan-toetra mila fanitsina sy toe-javatra mila fanovana ireny ny mpilalao an-tsehatra, dia efa misy rindran-damina izay arahina aminy, mba hahazoana antoka ny fahombiazan'ny fandresen-dahatra ny mpijery. Hoy manko ny Gazety Ny Fandrosoam-baovao raha nananatra:

“atao misy karazan-javatra maro ao anatin'ny tantara: olona samihafa, teny samihafa, saina samihafa, fomba samihafa... samihafa nakambana ho iray manontolo azo raisina mivongana, nefa azo tsinjaraina toy ny hasim-boasary”⁷³.

Ny firafitr'izany no manome sarin'ny fiaraha-monina anankiray, izay tsy ilaozan'ny olana manabotry ny mponina saro-bahana. Ao anatin'io indrindra no akan'ny mpanao tantara tsangana manainga fototra ny olana mety ho efa nitranga tamin'ny olona tsirairay, ka arosomy mba hiaraha-mijery sy hiaraha-mamaha. Tsy voatery hitovisan'ny olona anefa ny trangan-javatra aseho eo aminy fa samy manana ny tandrify azy. Koa anjaran'ny tsirairay ny mandinika sy mamakafaka ny fisehon-javatra ary mandray anatra amin'ny hahasoa azy. Marihina fa tsy raisin'ny olona ny fananarana atao raha atao tora-mahitsy, na dia tsapa izao aza fa marina.

a) Ahoana moa no haneken'ny fianakaviana iray na ny tokantrano iray raha entanina hoe: “AZA MANAO FITERA-BITRO! MAMPIASA TSINDRONA MAMPIATO FITERAHANA TSY HIJALY”. Maninona moa raha aseho azy aloha ny nahatonga azy ho maro anaka, ny olana aterak'izany maro anaka izany, ny fiantraikany eo amin'ny ankohonana amin'izay? Izany no mahatonga ny fanehoana ny fomba fisainan'i Baolava ao anatin'ny tantara mitondra ny lohateny “TY AFARA RO ARENE”⁷⁴, fa “tsy maninona na dia maro, hoy izy, ny zanany fa Andriamanitra no hamelona azy. Niteraka olana teo amin'ny tokantranony anefa izany taty aoriana, satria raiki-trosa tamin'i Mpanarivo izy. Tsy voaloany anefa izany noho ny fahasahiranany, ka ny tany izay mba hany amboleny no namidy hanefana ilay trosa. Tamin'ny farany, bevohoka i Kihiza vadiny ka vaky ny tranon-janany

⁷² Bureau Régional pour l'Éducation en Afrique ONU/SIDA 2003, P. 37 « Il est la vitrine de la société. Il aide à présenter des situations concrètes qui marquent les esprits et donne au public l'occasion de s'identifier ».

⁷³ Auteur Anonyme n° 16, Texte n° 29

⁷⁴ « TTR-4 (P.24-32) »

satria manify noho ny fiterahana betsaka; mivalana sy mandoa koa ny zanany otany noho izy ninono biba”. Koa izay olona mahatsapa tena, ka tsy te-hanaraka an’i Baolava amin’ireo nijery ny tantara tsangana manainga fototra dia afaka misaintsaina lalina sy mijery tena araka izay zavatra naseho azy teo.

b) ary ahoana indray no anarahan’ny ankizy ny fanentanana milaza mivantana hoe: “AZA MANAO FIRAISANA ARA-NOFO RAHA MBOLA TSY MANAMBADY SAO VOAN’NY SIDA!” Tsy fijerin’ny mpanao tantara tsangana manainga fototra izany. Tsy aleo ve aseho azy ny antony tsy ahafehezany tena, avy eo ny olona mety aterak’izany sy ny hiafarany? Tsara aza raha mbola omena koa ny fomba izay tokony hatao hanoherana ny fandroritana ataon’ny fakam-panahy sy ny fahafinaretana. Izany no antony “nanehoana an’i Sedra solafaka tao anatin’ny filàna ara-nofo ka mora nandairan’ny fakampanahy. Bevohoka anefa izy taty aorina, dia nanafa-jaza ka saika maty. Rehefa nojeren’i Dokotera ny sokajindràny mba hahafahana manome rà azy, dia hita fa misy tsimoka aretina SIDA. I Soa zandriny no nampahery azy, ary nanambara tamin-jokiny ny fomba ataony mba hitandremany tena, mandra-pahatongavan’ny fotoana hampakarana azy. Amin’ny farany moa, dia nampakarin’i Dokotera ihany i Soa ho vadiny”. Izany dia nolalaovina tao anatin’ny tantara mitondra lohateny hoe: “ANDRAM-PITIAVANA”⁷⁵. Arakaraka ny fitandreman’ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra ireo rindran-damina eo amin’ny fanehoan-kevitra no ahatsapan’ny olona ny fahamarinan’ny zavatra ataony, ka manetsika ny sainy hampitaha, no mety hiafara amin’ny ady hevitra aza indraindray.

Ahafantarana antsipirian-javatra tsy dia nampoizina loatra ny fanaovana ny fanadihadiana ny zava-mitranga amin’ny fotoan’ny fampisehoana. Efa mampiaiky aloha ny tsy fahametezan’ny fampisehoana ny zavatra mivantambatana araka ny ohatra etsy ambony. Manampitrotraka an’izany ny fitandremana mafy ny teny atao, mba tsy ho teny manafintohina, na ireny tsy faseho masoandro, na zavatra tsy mitombina sy lainga, dia mety hanimba ny fifantohan’ny mpijery. Izany moa eo ihany, fa ny tena atahorana amin’ny toe-javatra tahak’izany dia mety hiteraka fankahalana tanteraka ny tantara tsangana manainga fototra ireo fahadisoana ireo. Eny, fa na dia ireo karazan-tantara tsangana hafa aza, dia mety handosiran’izy ireo. Izany no nahatonga ny Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana nananatra fa,

⁷⁵ « TTR-8 (P.54-67) »

“misy maha-zava-dehibe azy koa raha ny teny ampiasaina ao anatin’ny tantara tsangana no tsy manafintohina. Ny fitandremana amin’ny fiteny atao no ahafahana miala ny fatanjaky ny hevi-dravina”⁷⁶.

Hita fa miankina mafy amin’ny fahitana ny mpilalao ho eo ambony sehatra sy ny fahaizany mitandrana ny fampisongadinana ny trangan-javatra misy no antoky ny fahombiazan’ny fanabeazana izay atao amin’ny alalan’ny tantara tsangana manainga fototra, raha ohatra tsy mangatsiaka ny sehatra.

III-2- Ny hafanan’ny sehatra

Tsy zava-baovao na zavatra noforonina ny toerana anaovana ny tantara tsangana manainga fototra, fa toerana malalaka nosafidina ihany. Tsy azo lazaina efa manana ny asany andavanandro anefa izy io, fa toerana midadasika mipetraka fotsiny. Mety mahafohifohy fisainana ihany raha ny zavatra izay lazaina hoe tsy manana ny asany indray no mitondra ny anjara birikiny eo amin’ny lafiny FANABEAZANA. Aoka hazava, fa tsy izy no manana ny asany, fa ny mpanao tantara tsangana manainga fototra no mampiasa azy. Jerentsika moa ny famaritan’i LAUFER Roger sy Bernard LECHER BONNIER azy

“Ny toerana dia natao hitangoronana. Velaran-tany tsy nisy zavatra teo aloha, tsy hita ny asany raha tsy ao amin’ny fivoriana ihany. Izy dia velaran-tany ho an’ny rehetra”⁷⁷.

Faritana mazava tsara ao anatin’ny kianja malalaka anankiray izay nosafidina ny sehatra hampiasain’ny mpanao tantara tsangana manainga fototra. Mitangorona manao antsasa-paribolana manodidina azy ny vahoaka vonona hijery fampisehoana. Mba hihazonana azy ireo anefa, ka tsy hijerevany sehatra babangoana eo anoloany, dia tsy maintsy maneho ny fahaizany mampiasa ny sehatra ireo mpilalao an-tsehatra.

III-2-1 Fahaizana mampiasa ny sehatra sy ny fitaovana ilaina

Tsy mora ny fifehezana ny sehatra. Ary tsy azo atao tsirambina mihitsy izany fa fitaratra itarafan’ny mponina ny fiaraha-moniny, ka mety hisy fiantraikany aminy. Raha tsy

⁷⁶ Bureau Régional pour l’Education en Afrique ONU/SIDA 2003, P. 43 : « Il est également important que les mots employés dans les sketches ne soient pas choquants. L’utilisation prudente du langage permet d’éviter de conforter les préjugés ».

⁷⁷ LAUFER Roger et LECHER Bernard 1975, P.82 : « La place est l’espace de la collectivité. D’abord surface nue, elle ne trouve sa fonction que dans le rassemblement. Elle est l’espace de tous ».

izany, dia lasa fanehoan-kevitra peta-toko no ho hita ifandimbiasan'ny olona tsirairay eny ambony sehatra. Na kosa, tsy miova amin'ireny zaza mankalaza ny hazo Noely ireny, ka mifandimby manao tsianjery eo anatrehan'ireo ray aman-dreny ara-pinoana: miseho, miteny, miala; andrasana koa izay hanaraka... Izany foana no atao mandra-pahatapitry ny fotoana, ka lasa mimenomenona amin'izay ny olona mijery an'izany satria tsy mazava aminy, hono, ny lohany sy vodina ilay zavatra aseho azy; toa hoatra tsy misy fifandraisany tamin'ny teo aloha ny zavatra mitranga aty aoriana. Akory ny fahagagan'ny maro, fa misy indraindray fepotoana maha-banga ny sehatra tsy ahitana olona mandalo. Manjary miteraka tabataba izany, na koa alaim-panahy miresaka zavatra hafa ivelan'ny fampisehoana ny olona. Angamba izany no antsoina hoe “sehatra mangatsiaka”. Koa raha mangatsiaka izany ny sehatra atrehin'ny olona, dia ho ketraka mora fotsiny ny hetahetany izay maniry te-hijery fampisehoana.

Tsy izany anefa no tadiavin'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra, fa ny mifanohitra amin'ireo voatsikera eo ambony ireo. Koa mitaky finjavana sy fikirizana avy amin'ireo mpanatontosa ny fahafehezana ny sehatra: tsy tanteraka izany hafanan'ny sehatra izany raha tsy mahafehy ny sehatra ny mpilalao an-tsehatra; ary tsy hahafehy ny sehatra koa ireo mpilalao an-tsehatra raha tsy mahay mandrindra ny mpandrindra an-tsehatra; tsy ho afaka hanatsara ny fandrindrana an-tsehatra indray ny mpandrindra raha tsy marihin'ny mpanoratra piesy mazava tsara amin'ny piesy izay soratany ny fomba fampiasana ny sehatra sy ny seho isan-karazany mifanesy ao. Raisintsika ohatra anankiray ny tantara voalohany ao amin'ny tahirin-kevitra, nampitondraina lohateny “TANDREMA KOA TY AFARA”⁷⁸, izay ahitana fanamarihana nataon'ny mpanoratra piesy hanazavany ny “seho” sy fampiasana ny sehatra ao amin'ny FIZARANA –I:

- Seho 1 : - miditra sehatra i Mbehosoa ka milanja angady (pejy 1)
 - mody misoroka amin'ny angady eny ambony sehatra izy (pejy 1)
- Seho 2 : - miditra sehatra i Clovis, mandalo ka tafaresaka izy roa (pejy 1)
 - atsaton'i Mbehosoa ny angady eo an-tanany (pejy 1)
 - mivoaka ny sehatra ka manao dingan-dava i Clovis (pejy 2)
 - manohy kely ny asany i Mbehosoa alohan'ny hodiany (pejy 2)
 - lasa mivoaka ny sehatra milanja ny angady i Mbehosoa (pejy 2)

Noho ny fisian'ireo fanazavana avy amin'ny mpanoratra piesy ireo ary, dia mora amin'ny mpandrindra an-tsehatra no manatanteraka azy an-tsakany sy an-davany amin'ireo

⁷⁸ « TTR-1 (P.01-09), nalaina pejy 1 sy 2 »

mpilalao an-tsehatra; anjaran'izy ireo indray no manatsara sy mitandrana izay nampianarina azy mba tsy hisy mifampiandry intsony hahavery fotoana. Amin'izay dia toa zavatra mitranga marina ao anatin'ny fotoana kisendrasendra no hita, fa tsy hoe noforonina ka iniavana atao.

Tsy ampy amin'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra ny fahaizana mampiasa ny sehatra fa tsy maintsy ampiarahina amin'ny fahaizana mampiasa ny fitaovana ilaina indray, sao ho “toy ny olona mandroso sakafo tsara ka tsy misy sotro”, dia tsy ho afaka hihinana izay rosoana azy na dia mamerovero aza ny hanitra entiny. Vokatry ny fitandremana an'izany no nanamarihan'ny mpanoratra koa ny fomba fampiasana fitaovana sy fotoana tokony hilana azy. Mbola azontsika raisina ihany ny ohatra teo aloha raha hijery ny fampiasana ny fitaovana indray isika:

- Seho 1 : - miditra sehatra i Mbehosoa ka milanja angady (pejy 1)
- mody misoroka amin'ny angady eo ambony sehatra izy (pejy 1)

Raha ny amin'ny fahaizan'ny mpilalao an-tsehatra mampifanaraka ny fitaovana amin'ny fotoana ilana azy kosa no asian-teny, dia mahatalanjona tokoa ny mijery azy. Raisintsika ho ohatra ny nampifanarahana ny fitafian'i Bary mianaka amin'ny toe-javatra misy eo amin'ny ankehonany:

- ao amin'ny FIZARANA –I sy II, manao fitafian'olona miadana i Bary mianaka satria milalao vola;
- ao FIZARANA –III sy IV, manao fitafian'olona mijaly izy ireo satria idiran-trosa



Mitafy tsara satria miadana



Mitafy rovitra satria mijaly

Ilaina ny mahay mampiasa ny fitaovana manaraka ny tian-kambara sy ny fihetseham-po andrasana. Tandremana mba hirindra amin'ny fotoana ilana azy izany ka mila famolahana mialoha. Izany hoe, tsy ho azon'ny olona no sady tsy hampihetsi-po ny zavatra ataon'ireo mpilalao an-tsehatra raha “manao tari-bato vilam-bava”. Ho herim-po very maina ny asa atao raha tsy mirindra araka ny ilana azy ny fihetsika.

III-2-2- Ny firindran'ny fihetsika amin'ny hevitra tian-kambara

Mitana anjara toerana lehibe tokoa eo amin'ny fahazoana ny tian'ny mpilalao an-tsehatra hampitaina ny fihetsika. Tsy hoe fihetsika fe fihetsika fotsiny anefa izany, toy ireo manafana tena amin'ny fanatanjahatena, fa arindra hifanaraka amin'ny hevitra tian-kambara. Izany hoe ny teny izay ataon'ireo mpilalao an-tsehatra ireo, dia tohanany amin'ny alalan'ny fihetsika mba hanana endrika mazava tsara sy mitombina eo amin'ny fiainana. Manamarina an'izany ny fananarana ao amin'ny Gazety Ny Fandrosoam-baovao amin'ny tokony hataon'ireo mpilalo an-tsehatra ireo, mba hanao

“teny tsotra nefa atinaty, fohy nefa ampy, rehefa ampian'ny fihetsehana dia mazava mahafinaritra⁷⁹”.

Azo sokajiana ho telo karazana ny fihetsika ampiasain'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra amin'ny ankapobeny:

⁷⁹ Gazety Ny Fandrosoam-baovao, 1925, n° 15 et 16

- a) fihetsika manamafy ny tenenina;
- b) fihetsika manazava ny teny;
- c) fihetsika manambara izay tsy lazaina.

Ireo anefa matetika tsy mba soratan'ny mpanoratra piesy loatra, fa anjaran'ny mpandrindra an-tsehatra no mamantatra azy amin'ny alalan'ny fahatsapany an'ilay horonantsary velona izay narafiny ao an-tsainy fony izy namaky ny tantara. Ampamereniny an'ireo mpilalao an-tsehatra eny ambony sehatra izay fihetsika heveriny fa mifanaraka amin'ny fizotran'ny tantara mandra-pahatsapany fa miaina tanteraka toa zavatra mitranga no atrehiny, dia heveriny ho tahak'izany koa ny mety ho fahitan'ny mpijery azy. Andraisantsika ohatra tsirairay ny fisehon'ireo karazam-pihetsika telo ireo:

a) fihetsika manamafy ny tenenina: Ohatra ny tantara “RAMAKA MANDALO”⁸⁰, ao amin'ny FIZARANA –I, Seho 2: Tezitra an-dRamaka i Rabe Komity, satria tsy mba taitra izy amin'ny hazolava nataon'ny fokonolona mikasika ny famonoana ny afo nandoro ny ala, fa nifantoka tamin'ny fanadiovany ny tanimboliny teo ihany. Ka hoy Rabe: “Oadray! Fa angaha tsy henonao, lehiroa, ilay hazolava teo iny no toa tsy taitra mihitsy ingahy?”, “Ny tolona amin'ny afo indray ve no hamorain'ialahy, ka ho vitan'olona iray ihany? Aleo miala eto mihitsy ianao, fa toa mahakivy ny sasany ny mahita anao tsy taitra io!” Ny fihetsik'i Rabe eto dia fihetsika maneho ny fahatezerany: indraindray manondrotandro an-dRamaka ny tànany, avy eo dia arahiny fihetsika manamafy ny fandroahany azy amin'ny alalan'ny tànany.

b) Fihetsika manazava ny teny: Mbola alaina ao amin'ny FIZARANA –I amin'io tantara io ihany, saingy ao amin'ny Seho 3 no analana ohatra: Nanontany ny fomba nahafatesan'ireo namany ny afo i Rabe, ka i Mitary no nanazava azy taminy hoe: “Tsotra ihany ny nanaovana azy teo: satria nandrivotra ny andro no sady vao manomboka ny afo, dia noterenay tamin'ny sisiny roa ny famonoana azy. Saika sahirana ihany izahay, saingy sahala amin'ny tselatra i Soalava namono azy”. Ny fihetsik'i Mitary teo am-panazavana teny amin-dRabe dia mamelabelatra tànana. Samy atsotrany sady velariny amin'ny an-daniny sy ankilany ny tànany roa mba ho entiny manazava ny sisin'ny afo roa. Somary pehiny amin'ny tànany havananan ny handriny rehefa milaza fa “saika sahirana” izy, mba hahalalana fa mikaroka mafy tsy naharitra ny sainy.

⁸⁰ « TTR-02, P.11 »

c) Fihetsika manambara izay tsy lazaina: Andraisana ohatra indray ny tantara mitondra ny lohateny hoe: “IZAY VAO MAZAVA”⁸¹, FIZARANA –IV, Seho 1: Nasain-dRandria hifandrava sakafo anaty vilia anankiray i Etitse sy ny zafikeliny:

“- Samy manesika izy roa lahy dia lany ny sakafo”.

“- Mikoso-maso amin’izay ny ankizy rehefa avy eo”.

Ny fihetsika ataon’i Etitse eto dia maneho ny fahavitrihany izay manambara ny tsy fitovizany amin’ny zafiny nefa tsy raharahainy. Ny fihetsik’ilay zafikeliny kosa eto dia mikoso-maso rehefa lany ny sakafo, mba hanehoany ny alahelony noho ny tsy fitsimbinanana amin’ny maha-kely azy.

Izany karazam-pihetsika samy manana ny anjara asany ao anatin’ny tantara izany, dia mety tsy ho tsikaritry ny mpijery, ka hampiova ny hevitra tian-kaipoitra raha tsy ny mpilalao an-tsehatra no mahafolaka tsara ny anjara sahaniny. Manamafy an’izany LANDIER Jean Claude sy BARRET Gisèle

“ny mpandray anjara dia mety hodinihana amin’ny alalan’ny fitondran-tenany, ny fisehony, saingy matetika ao anatin’ny zava-misy eo amin’ny fiaraha-monina”⁸².

Ny zavatra mety hitranga anefa, dia ho monamonaina ireo mpijery raha toa ny zavatra efa fahitany andavanandro no jereny: ny amin’ny fihetsika izany, ny amin’ny fiteny. Matetika ireo mijery an’ireo mpiana-draharaha amin’ny fanatontosana ny tantara tsangana no itrangan’izany; fa ireo gaigilahy kosa, dia “tsy atoro voanjo hadiana”. Hain’ny mpanoratra loatra manko ny mandoko ny fomba fiainana, hainy ny mifidy ireo antsipirian-javatra mifono hevitra sy mampatsiahy zavatra maro; hainy ny manome azy ireny endrika toa tsy misy valaka amin’ny fahita andavanandro, nefa toa manan-kasina bebe kokoa aza hanintona sy haningotra ny mason-tsaina, raha ny vokany eo amin’ny mpijery no dinihina. Tsy ataony ambanin-javatra koa ny fijerena ny sokajin’olona miriaria ao anatin’ny fiaraha-monina, ka samy miatrika ny fampisehoana ny tantara tsangana manainga fototra raha tonga ny fotoany. Samy kendreny mba hahazo ny anjara tandrify azy ny tsirairay mba tsy hihevi-tena ho very maina, na olon-dehibe izany, na tanora, na ankizy. Azo raisina ho ohatra hanamarinana an’izany ny tantara miendrika angano ao amin’ny tahirin-kevitra mitondra ny lohateny: “MIRAY HINA NY RANO”⁸³:

⁸¹ « TTR-05, P.41 »

⁸² LANDIER Jean Claude et BARRET Gisèle 1993, P.54 : « Les personnage est remarquable par son comportement, son apparence, mais toujours dans un contexte social ».

⁸³ « TTR-03 (P.19-23) »

- Raha amin'ny fampitenenan'ny mpanoratra ireo karazan-drano ireo ihany, dia efa manintona sahadry ireo ankizy mijery. Manampy an'izany ny fahitany ireo famindra samihafa ataon'ireo karazan-drano ireo eny ambony sehatra, ka vao mainka mitarika ny fifantohany hahafantatra izay zavatra teneniny. Azo inoana amin'izany fa ho fantany koa ny antony nampitaraina an-dRAOLOMBELO.
- Ny mahasarika ny tanora bebe kokoa dia ny fahitany an'i VOVO izay vonona hifanandrina amin'ireo namany satria mahavita izay ilain-dRAOLOMBELO. Manaitra azy ireo anefa ny zavatra nitranga taty aoriana: hay tsy misy dikany ny hery ananana raha tsy miaraka amin'ny maro, ka lasa nipody amin'ny havany indray i VOVO na dia milaza tena mahavita azy.
- Ny anjaran'ny olon-dehibe kosa, dia ny manovo fahalalana amin'ny fomba fitantanana ny rano sy izay antony miteraka ny faharitana.

Matoa natao ireo dia ny mba hahatsapan'ny rehetra ho samy tsy very anjara; ka fihetsika manokana mifanandrify arak'izay toetra ilaina no asehon'ireo mpilalao an-tsehatra amin'ny endrika seho dilatra, mba hampazoto ireo mpijery handray izay tandrify azy. Marihina etoana fa tsy hivoaka mora fotsiny ny fanatanterahana izany seho dilatra izany fa mitaky fahasahiana sy fahafoizan-tena avy amin'ny mpisehatra. Miankina amin'ny fampiharana azy manko no hampisy lanja ny trangan-javatra aseho, izay itarafana ny fiarahamonina. Izany indrindra no nahatonga an'i LAUFER Roger sy LECHER BONNIER Bernard, namaritra fa

“ny tena mpilalao an-tsehatra dia ny olona mahay tanteraka manao ireo famataran'ilay fiaraha-monina izay iainany ao”⁸⁴.

Na dia efa manolotra fihetsika hoentin'izy ireo mamelona ny tantara aza ny mpandrindra an-tsehatra, dia misy fihetsika tsy ampoizina ihany koa mivoaka ho azy ao anatin'ny seho dilatra izay manafana ny sehatra. Ny zava-kanto manko amin'ny ankapobeny dia manaitra ary saika tsy andrasana. Ny zavatra ampoizina sy andrasana tokoa dia tsy manaitra mihitsy, ka tsy misy endriny hanintona ny saina. Izany hoe tsy mety ho tonga amin'ny antsoina hoe “KANTO”. Matoa tafita sy tomombana tsara eny ambony sehatra izany dia noho ireo mpilalao an-tsehatra tsy mahatsiaro ny tenany amin'ny maha-izy azy, fa misaina sy mihetsika amin'ny toetran'ny olona izay lalaoviny amin'ny tantara. Voafehy ka tsy afaka mihetsika amin'izay ireo mpijery, fa lasa mifantoka tsara manaraka izay zava-mitranga hatrany.

⁸⁴ LAUFER Roger et LECHER Bernard 1975, P.106 : « Le grand acteur est un homme qui sait parfaitement user des signes de la société où il vit ».

Rehefa manolotra tanteraka ny hafatra izay iantsorohany eo amin'ny vahoaka ny mpiangaly ny tantara tsangana manainga fototra, dia manao ahoana ary no mety ho endriky ny fandraisana azy? Tsy isalasalana ny momba an'izany, fa anisan'ny mpandray anjara amin'ny fampisehoana izy ireo, raha tahiny ka tody any aminy soa aman-tsara ny hafatra.

III-3- Fahatsapana fahombiazana eo amin'ny mpijery

Toetra raiki-tapisaka eo amin'ny fanatontosana ny tantara tsangana manainga fototra ny fandraisan'ny vahoaka anjara, satria ny zavatra atao dia fitaratry ny fiaraha-monina. Tsy ho aritriny velively manko ny mahita ny fomba amam-panaony sy ny trangan-javatra maro samihafa toa efa natrehiny tamin'ny fiainana no aseho azy amin'ny endrika vaovao. Mandray anjara avy hatrany izy eo anatrehan'izany, ka manome aina ny fampisehoana. Maro ny fomba mety ahatsapana izany fandraisana anjara ataon'ny vahoaka mpijery izany: mbetika mihomehy raha misy zavatra mahafaly azy, mitehaka raha misy fahombiazana misongadina, mihoraka raha misy fandresena tsy nampoizina mipoitra tampoka, manazava ny hevitra ny tantara, manoina na manantitra ny resaky ny mpilalao an-tsehatra... Ireo rehetra ireo dia teraka ho azy, noho ny fihetseham-po tsy satry avy amin'ny tsirairay. Koa ny hohadihadiantsika dia ilay karazana fihetsika mamakafaka, ahitan-taratra ny fankasitrahana ny fampisehoana.

III-3-1- Manantitra sy manazava ny tantara ny mpijery eo am-panarahana azy

Tena hain'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra tokoa ny maningotra ny sain'ny mpijery. Tsy mba ny fanahy mandefa eritreritra sy nofinofy intsony no katsahin'izy ireny hobaboina, fa ny saina mitsikera mivantana ny toe-javatra mitranga sy mandanjalanja ny zavatra miseho no tiany horohizana. Ny vokatr'izany, dia mifantoka tanteraka any amin'ny fampisehoana eny ambony sehatra ny mason-tsain'ny vahoaka mijery. Eto, ny tantara tsangana manainga fototra dia fomba iray hahafahana mitondra ny olona hiara-mifantoka, handinika ny olona eo amin'ny fiainana, ka ny mpilalao an-tsehatra no manolotra an'izany amin'ny alalan'ny fampisehoana tantara eny ambony sehatra, dia ho mora amin'izy ireo amin'izay ny mifampiresaka sy ny mifanakalo hevitra ao anatin'ny lanonana.

Ekena fa tsy handray anjara velively amin'izay zavatra atao eo ny olona tsy mankasitraka ny hevitra voizin'ny tantara. Mety tsy mahasarika azy angamba na tsy misy

lanjany firy aminy izay aroso eo. Nefa, matoa miteny mahakasika ny zavatra ataon'ny mpilalao an-tsehatra amin'ny tantara tsangana manainga fototra izy, dia izy efa mifantoka tsara izay. Manamarina an'izany ireo Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana, rehefa namaritra fa

“ny teatra famoriam-bahoaka dia endrika teatra anankiray fanentanana fiaraha-monina izay ifarimbonana. Mamela ny mpijery handinika, hilaza ny heviny malalaka sy hiady hevitra amin'ny fitondran-tena nolovaina tao amin'anona na tamin'anona”⁸⁵.

Maro karazana anefa ny lazainay hoe mifantoka eto:

- ao ny mifantoka, nefa misy toe-javatra tsy mazava aminy ka anontaniany ny namany eo akaikiny;
 - ao ny mifantoka, ka mampitaha ny zavatra jereny amin'izay efa hitany nitranga talohan'ny fampisehoana ka teneniny amin'ny namany;
 - ao ny mifantoka, ka resy lahatra avy hatrany amin'ny zavatra ampitaina eny ambony sehatra;
- a) Nahoana moa no lazaina fa mariky ny fahombiazan'ny tantara tsangana manainga fototra ny fisian'ny olona “mifantoka nefa misy toe-javatra tsy mazava aminy ka anontaniany ny namany eo akaikiny?”

Matoa ny ampahany ihany no tsy mazava aminy fa tsy izy rehetra, dia noho izy nanaraka tsara, fa kely fotsiny amin'ny tantara no mety tsy ho azony, na izy ihany koa no mety manana toe-tsaina te-hanohitra, ka mitady fifandresen-dahatra amin'olona eo akaikiny. Andraisantsika ohatra ny tantara “TANDREMA KOA TY AFARA”⁸⁶ ao amin'ny FIZARANA -I, Seho 2, raha niteny i Mbehosoa teny ambony sehatra hoe: “- Mampalahelo izany fisainana izany! Faly ny hihinana androany ihany fa tsy mandinika ny harapaka rahampitso. Hiantsampy aiza ary raha tapitra daholo ireo harena ao andranomasina ao izay anaovana fanararaotana izao? [...]”. Izao ary no mety havalin'ilay mpijery te hanohitra rehefa maheno an'izany: “AIZA MOA DIA HO METY LANY, RY ANONA, NY ZAVATRA AO ANATY RANOMASINA?” Mety hitovy hevitra aminy ny olona eo akaikiny rehefa mandre ny teniny, na mety tsy miombon-kevitra aminy koa aza ka velona amin'izay ny fifandresen-dahatra mandritra ny fampisehoana. Resy lahatra

⁸⁵ Bureau Régional pour l'Education en Afrique ONU/SIDA, P. 39 : « Le théâtre est, [...] une des formes de théâtre d'animation sociale qui est interactive. Il permet au spectateur de réfléchir, de s'exprimer librement et de discuter sur le comportement à adopter dans telle ou telle situation ».

⁸⁶ « TTR-1 (P.2) andl 10 »

ihany ny iafaran'ily manohitra, satria amin'ny alalan'ny fisehon-javatra eo amin'ny fizotran'ny tantara no anaporofoan'ily namany ny fanazavana ataony.

- b) Mbola lazaina fa maneho fahombiazana koa ny olona “mifantoka ka mampitaha ny zavatra jereny amin'izay efa hitany nitranga talohan'ny fampisehoana ka teneniny amin'ny namany” miara-mijery aminy.

- Tsy ho afaka mampitaha mihitsy izy eto raha tsy efa mazava aminy tsara ny tian'ny tantara hambara; ka ny trangan-javatra mitovitovy amin'ny efa hitany no lazainy amin'ny olona eo akaikiny, satria mitady namana hiara-manameloka miaraka aminy izy, ka ny tantara izay miseho eo anoloan'izy ireo no entiny anaporofoany ny zavatra lazainy. Entitsika hanoharana an'izany ilay tantara mitondra ny lohateny “TY AFARA RO ARENE”⁸⁷ ao amin'ny FIZARANA-I, Seho 2, pejy 24, raha nananatra an'i Baolava i Tsimiandry, mikasika ny hamaroan-janany hoe “- F'angaha izany! Ianao ve no manenjika izay hahamaro azy, ka olona indray no tianao ho sahirana sy hamelona?” Dia izao no mety ho tenin'ily olona mampitaha: “MARO ANAKA TAHAK'IO KOA I RANONA, KA TSY VELONY FA ALEFANY MANGATAKA ENY AMIN'NY ARABE NY AZY”. Toa miara-manakiana ny olona manao fitera-bitro, izay tsy manao fandrindrana fiainam-pianakaviana izy sy ilay olona iresahany. Izany hoe, miombon-kevitra amin'ireo mpanao tantara tsangana manainga fofotra eny ambony sehatra ireo manantitra ny tantara ireo.

- c) Ny olona “mifantoka ka resy lahatra avy hatrany amin'ny zavatra ampitaina eny ambony sehatra”, dia tsy iadian-kevitra intsony fa mariky ny fahombiazana avy hatrany izany. Ka ahoana ary ny fomba ahalalana azy fa resy lahatra?

Matoa izy heverina fa resy lahatra, dia heverina koa fa mazava aminy tanteraka ny hafatra tian'ireo mpilalao an-tsehatra hampitaina amin'ny mpijery. Noho ny fahazoany azy izany àry, dia ho hitantsika izy fa ho afa-po raha tsy mamerina fanazavana izay trangan-javatra miseho eny ambony sehatra amin'ny olona izay miara-mipetraka eo aminy. Angalantsika ohatra ny tantara “IZAY VAO MAZAVA”⁸⁸, ao amin'ny fizarana-IV, Seho 1, pejy 41, raha naniraka an'i Etitse sy ny zafikeliny Randria hifaninana misakafo hoe: “- [...] Tsy hoe ianao tendan-kanina, sanatria! [...] Hanonareo miaraka ny sakafo. Hano haingana, ka aza andrasana io zaza io fa tara isika!” Izao no mety ho tenin'ily olona resy lahatra, ka manazava amin'ny namany: “IO NY ZAVATRA MANJO ANTSIKA: TSY MANISA ALA

⁸⁷ « TTR-4 (pejy 24, andl 20 sy 21) »

⁸⁸ « TTR-5 (pejy 41 andl 13 - 16) »

HO ANTSIKA TARANANY IREO RAY AMAN-DRENINTSIKA FA TIA TENA”. Miteny an’izany izy satria tiany mba hitovy aminy amin’ny fahazoana an’ily tantara ny olona eo akaikiny, ka antitranteriny amin’ny alalan’ny fanazavana indray ny zavatra miseho iarahamahita. Misy mpijery iray mijoro ho vavolombelona amin’ny fahazoana ilay tantara mitondra ny lohateny “IFOTERAN’NY RAMBONY”⁸⁹, ka hoy izy tamin’izay:

*“Ny nijerenay ity tantara ity dia nanazava bebe kokoa taminay fa isika ihany no hividy lafo ny fanimbana ny tontolo iainana. Nanazava taminay ihany koa ity tantara ity fa andraikitra ny rehetra ny fiarovana ny tontolo iainana ka tsy tokony ho resin-tahotra ny tsirairay manoloana ireo mpanimba izany, eny na dia olom-boafidy sy manam-pahefana aza izy ireo...”*⁹⁰

Na dia eo aza ny fomba maro izay mbola ahafahana mandrefy ny fahombiazana eo amin’ny mpijery, dia ireo aloha no azo antoka niditra lalindalina hatrany amin’ny famakafakana ny toe-javatra misy ka naroso azy teo. Na milaza izany fahombiazana izany aza izahay dia mahatsapa fa “ny omby indray mandry tsy indray mifoha”. Mety misy ny mbola misalasala, ka tsy resy lahatra avy hatrany. Ao kosa ny votsa saina, ka tsy mahazo tanteraka ny zavatra aseho azy teo. Sarotra anefa ny ahalalana an’izy ireo miharihary satria vitsy ao anatin’ny maro. Kanefa na dia izany aza, dia misy ihany fomba fanao amin’ny tantara tsangana manainga fofotra mety hahalalana mamantatra azy ireo aorian’ny fampisehoana.

Tsy midika koa anefa izany fa tsy nahomby ny fanabeazana natao amin’ny vahoaka satria mbola misy ny maningana. Tsia avy hatrany no valin’izany! Efa liana ihany izy matoa mahatsapa ny zavatra naseho azy teo ambony sehatra, fa ny adihevitra atao amaranana ny lanonana no hamongotra ny fisalasalana misy ao aminy.

III-3-2- Mandray anjara amin’ny adihevitra rehefa aorian’ny fampisehoana

Matoa mandray anjara amin’ny adihevitra ireo olona izay nanatrika ny fampisehoana ataon’ny mpanao tantara tsangana manainga fototra iray, dia noho izy ireo mahazo ny votoatin’ny tantara naseho azy sy mahatsapa ho voakasiky ny zava-boalaza ao anatin’izany. Koa ireto avy no tena manosika azy:

Ao ny mandray fitenenana mba hanantitra tsara izay fahalalana avy nomena azy teo ;

⁸⁹ TTR-6 (P. 43 – 53)

⁹⁰ MAKSIM Lucien Godefroy, Gazety Vinty « Le Sud », n° 44, P.10

- ao kosa izay te hanamarina ny fahalalana kely ao aminy, izay mampisalasala azy ny amin'ny ho fampiharana azy amin'ny fiainana andavanandro,

- misy koa ny mandray fitenenana mba te handresy lahatra ka manohitra ny fanabeazana omena azy, satria tsy mahafoy ny hiala amin'ny fahazaran-dratsiny izay heveriny fa efa ahazoany tombontsoa. Na dia eo izany dia tsy noheverina ho sakana eo amin'ny fanabeazam-bahoaka atao amin'ny alalan'ny tantara tsangana manainga fototra izany. Fa hoy manko ireo Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana, hoe:

“Amin’ny lafiny manokana, raha tantara tsangana ifarimbonana dia mamporisika amin’ny eritreritra tokana itambarana sy manampy amin’ny fifampiresahana ary ny fifanakalozana eo amin’ny sokajy samihafan’ny fiaraha-monina”⁹¹.

Izany hoe, iaraha-mamaha izay olana miseho eo, ary iaraha-mandray koa ny vahaolana aroso. Tsy misy ifanavakavahana anefa izany fa samy jerena daholo izay mety hiantefany ao anatin'ny fiaraha-monina.

Misy rindran-damina anefa no ataon'ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra mba hampandraisana anjara ireo mpijery amin'ny adihevitra. Dingana telo no tsy maintsy lalovana amin'izany:

a) Rehefa tapitra ny fampisehoana ny tantara eny ambony sehatra, dia ametrahan'izy ireo fanontaniana mahakasika ny tantara avy nolalaovina teo ny olona. Tsapaina raha azon'ny mpijery ny hafatra tiana hampitaina; amin'io dia samy milaza izay ahazoany azy ireo mpanatrika. Koa raha sanatria misy mamaly diso ny fanontaniana napetraka, dia ny mpijery namany ihany no asaina manitsy azy.

b) Amin'ny dingana manaraka, dia avela malalaka amin'izay indray izy ireo, ka hametraka fanontaniana amin'izay mbola tsy mazava aminy tamin'ny fizotran'ny tantara teo. Eto no ahafantarana fa manaraka tsara ny fivoaran'ny tantara ny mpijery, ka mitady fanamarinana alohan'ny hitazonany ao an-tsaina na alohan'ny hanatanterahany ny anatra azony, teo amin'ny fampisehoana. Raisintsika ohatra ireo fokonolona izay nanangana “dina” ao amin'ny tantara “RAMAKA MANDALO”⁹², ka mandoa omby iray sy mamboly akatan'omby izay mandoro tanety, ary mandoa omby iray sy mamboly zana-kazo izay mandoro ala. Izao ny fanontaniana mety hipetraka avy amin'ireo vahoaka mpijery: “Ampitovisinay amin'io dina naseho teo io koa ve ny dinanay raha misy ny mandoro tanety

⁹¹ Bureau Régional pour l'Enseignement en Afrique, 2003, P.37 : « *Le théâtre en particulier s'il est interactif, incite à une réflexion collective et favorise le dialogue et les échanges entre différents secteurs d'une communauté* ».

⁹² « TTR – 2 (P.15-16) »

na mandoro ala?” Eo no anazavana amin’izy ireo fa ohatra niseho tamin’ny toeran-kafa io naseho io, fa manana ny safidy tokony hifanarahana’izy ireo koa izy ireo araka ny fisehoan-javatra misy eo an-toerana. Marihina fa tsy voatery ny mpanao tantara tsangana manainga fototra no mamaly ny fanontaniana avy amin’ny mpijery, fa asainy valin’ireo mpijery sasany aloha, vao izay valiany ihany raha tsy misy maha-voavaly azy.

c) Tonga amin’izay ny fotoana ahatsapana fa mazava amin’ny fokonolona ny tian’ny tantara havoitra; dia miroso amin’ny fiangaviana ny mpijery amin’izay, hametrapanontaniana amin’izay manitikitika ny sainy na mbola manjavozavo aminy ivelan’ny tantara ny mpanao tantara tsangana manainga fototra. Koa eo no ahitana ireo manararaotra mametrapanontaniana amin’ny tsy fahalalany ny teo-java-misy amin’ny fiainana andavanandro; ao ny sahirana te-hanamari-pototra ny tsaho izay mahazo vahana ao an-tsainy. Marihina etoana, fa isaky ny fampisehoana ataon’ireo mpanao tantara tsangana manainga fototra dia atrehin’ny tekinisiana na ny mpiara-miombon’antoka misahana ny asa mifanaraka amin’ny votoatin’ny tantara lalaovina. Noho izany, dia ry zareo no asaina mamaly ny fanontaniana avy amin’ny mpijery. Na dia efa amin’ny dingam-panontaniana ivelan’ny tantara aza no ametrahan’ny fokonolona ny fanontaniana, dia mbola ny tantara izay niaraha-nijery teo ihany no mbola alain’ny mpamaly fanontaniana hanohanany ny fanazavany. Tsy manazava antsipiriany-javatra manko ny tantara lalaovina, fa fanehoan-javatra mifono torohevitra sy anatra ihany no mibahan-toerana, izay entina anitsiana ny tsy fahalalana sy ny fahadisoam-piheverana. Izany toetoetry ny tantara izany no mahatonga ny olona sasantsasany hiada-pahazoana no sady ahitam-pisalasalana kely alohan’ny hanapa-kevitra.

Tsy mora anefa ny fampandraisana anjara ny mpijery amin’ny adihevitra entina amaranana ny fampisehoana, fa mila fahaizana sy fahakingana avy amin’ny mpanatontosa ny fanatanterahana ny tantara tsangana manainga fofotra koa. Io no ahalalana na mahasarika olona na tsy mahasarika ny tantara avy nolalaovina teo: nody ventiny ve ny rano nantsakaina sa sira latsaka an-drano? Tsy ho azonao terena mihitsy izy ireo raha tsy te-hiteny, fa ny ataony no tokony ho fantatra mialoha. Izany hoe, tsy hiteny velively izy ireo raha heveriny ho zavatra tsy dia ilaina amin’ny fiainana andavanandro na tsy mahakasika azy no naseho teo. Izany toe-javatra izany no mitaky fanomanana mialoha alohan’ny fantontosana. Tsikaritry ny Biraom-paritra momba ny Fanabeazana Afrikana izany, ka nilazany fa:

“manomboka amin’ny fotoana tianao hanomanana ny fampisehoana iray ny fanombanana. Alohan’ny hanomananao io asa io, dia tsy maintsy mametraka fanontaniana vitsivitsy ianao: sahala amin’inona ny vokatra tiako ho azo? Inona no azoko atao mba hanatratrarako tsara ny tanjona kendreko?”⁹³

Ny fahatsapan’ny mpanoratra piesy ny fahasarotan’ny fandresen-dahatra mihitsy no tsy iononany amin’ny fitanisana fotsiny ny olana sy ny vahaolana ao anatin’ny piesy soratany. Fantany fa ny olana izay tsy mazava ny antony nampiforona azy dia ho sarotra ialana mihitsy. Arak’izany, dia asongadiny mialoha ny nahatonga ilay olana; avy eo ny fisehoan’izany olana izany; ary faranany ny fiantraikany eo amin’ny fiainana.

Fa ny vahaolana sy ny anatra kosa, dia manaraka mora fotsiny rehefa mazava tsara ireo voalaza teo aloha ireo. Horaisintsika ohatra ilay tantara izay mitondra ny lohateny “TANDREMO KOA TY AFARA”⁹⁴:

- ny niteraka ny olana dia ny fikatsahan-dRabary mianakavy vola isan’andro, hanaranampo sy hanaovana aingitraingitra;
- ny zavatra niseho tamin’izany dia ny tsy fanajana ny lalanam-panjonoana sy ny fanimbana ny teoram-ponenan’ny hazandrano;
- ny fiantraikan’izany ary, dia tsy nahita haza intsony izy ireo; raiki-trosa tamin’ny mpanangom-bokatra Rabary mianakavy; niakatra ety an-tanety ny ranomasina ka lena ny tranon’izy ireo noho ny fanimbana ny vatohara; lasa tafiditra any anaty ranomasina koa ny trandraka noho ny fandoroana ny ala.

Na dia mampihatra io tetika matipaika hoentina handresen-dahatra ny mpijery io aza ny mpanao tantara tsangana manainga fototra, dia tsy arosomy amin’ny endrika kabary lava ireny, izay efa mahazatra ny sofina, fa tanterahiny ao anatin’ny an-kolafim-pihetsika sy fomba ahafahana manohina ny fon’ny mpijery. Izany angamba no nahatonga ny Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana no nampitandrina fa

“tsy mijanona amin’ny kabary ihany ny hafatra atao amin’ny tantara tsangana. Ny lahatsoratra dia afaka mitondra hafatra, nefa raha ny fomba entina mandefa ny hafatra io no tsy maharesy lahatra, dia tsy ho azo ny hafatra. Tsy maintsy katrohina alohan’ny rehetra ny fietanam-

⁹³ Bureau Régional pour l’Education en Afrique, 2003, P. 65 : « L’évaluation commence au moment où vous voulez organiser un spectacle. Vous devez vous poser un certain nombre de questions avant l’organisation de cette activité : qu’est-ce que je veux obtenir comme résultats ? Qu’est-ce que je peux faire pour atteindre au mieux mes objectifs ? »

⁹⁴ « TTR – 1 (P1-9) »

po. Tsy maintsy kasihina ny fo, amin'izay ny mpijery manaiky hiforitra"⁹⁵.

Aoka hazava amintsika fa tsy miankina amin'ny mpanoratra piesy irery ihany ny fahatanterahan'izany rehetra izany, fa fifarimbonana misy eo amin'ny mpanoratra sy ny mpandrindra an-tsehatra ary ireo mpilalao an-tsehatra:

a) ny mpanoratra piesy no mandrafitra toe-javatra mampalahelo na manohina ny fo ao anatin'ny asa sorany. Raisintsika ho ohatra ilay tantara mitondra ny lohateny hoe: "TY AFARA RO ARENE"⁹⁶, Fizarana faha-III, Seho 1, hoy i Baolava: "Aiza izao no hahitako vary? Ny vola an-tanako izao tsy mahazo raha tsy roa kapoaka ihany", hoy indray izy ao amin'ny Seho 4: "nahazo aho fa saingy roa kapoaka ihany no azon'ny volako. Ny olona efa tsy mampitrosa intsony". Hita izany fa mampalahelo izy mianakavy, zara aza mahita hanina hohanina. Toa tsy velon'i Baolava tokoa ny zanany noho ny habetsahany. Ny olona tahaka azy amin'ireo mpijery, dia mahatsapa avy hatrany ny fahamarinan'ny zavatra jereny eny ambony sehatra. Ny sasany tsy tratran'izany kosa dia mahita ohatra tsapain-tànana, hahafahana mamakafaka araka izay trangan-javatra aseho. Misy koa ny fanoratan'ny mpanoratra ny zavatra mampitaintaina sahala amin'ny filazan'ny Dokotera fa vaky ny tranon-janak'i Kihiza, ka tsy maintsy ho faty izy sy ny zaza raha tsy didiana haingana; ao amin'ny Fizarana –III, Seho 4 amin'io tantara eo aloha io ihany izany. Misy indray ny zavatra maha-sanganehana, ka mitady fanapahan-kevitra eo no ho eo avy amin'ny mpijery tsirairay. Ohatra amin'izany ny nitsapan'i Dokotera an'i Soa fa hoe tsy hotsaboiny i Sedra zokiny raha tsy manaiky azy izy, ao amin'ny tantara izay mitondra ny lohateny hoe: "ANDRAM-PITIAVANA"⁹⁷. Samy manana ny fiheverany avy izy rehetra amin'io, saingy omen'ny tantara ihany ny valiny tokony harahina rehefa avy eo.

b) Ny mpandrindra an-tsehatra no mampifanaraka ny fihetsiky ny mpisehatra sy ny fitaovana ampiasainy arak'izay takian'ny toe-java-misy. Ary mandrindra ny fifandraisan'ny samy mpisehatra ho toy ny zava-nitranga ny fahitan'ny mpijery azy. Ohatra, manao fihetsika mampahonena i Baolava no sady mitondra fitafiana rovidrovitra sy maloto eny ambony sehatra.

c) Ny mpisehatra kosa dia miseho ho tena izy fa tsy hoe maka tahaka mihitsy. Izany hoe, iainany tanteraka ny toetran'ny olona lalaoviny ao anatin'ny tantara. Ohatra, i Baolava tena

⁹⁵ Bureau Régional pour l'Education en Afrique, 2003, P. 65 : « Le message théâtral ne repose pas uniquement sur le discours. Le texte peut contenir un message mais si la manière de donner ce message n'est pas convaincante, le message ne sera pas reçu. Il faut donc travailler avant tout sur l'émotion. Il faut toucher le cœur pour que la raison du spectateur accepte de se plier ».

⁹⁶ « TTR – 4 (P24-32) »

⁹⁷ « TTR – 7, P.61, andl 01 – 02 »

miasa saina eo anatrehan'ny ady amin'ny fiainana no tazana eny ambony sehatra fa tsy sarintsariny. Avy hatrany dia mino ny zavatra hitany ny vahoaka mpijery, satria velona sy miaina ary mampihetsi-po ny fizotran'ny tantara.

d) Ireo rehetra ireo no tandreman'ny mpanao tantara tsangana manainga fototra dia ny mba hananany fahombiazana eo amin'ny fanabeazana kendreny ataony amin'ireo vahoaka any ifotony. Koa ny fanatanterahana an'izany indrindra no andraisantsika ho porofo ny filazana ao amin'ny gazety vintsy laharana faha-44, mitondra ny lohateny “LE SUD”, pejy 10, manao hoe: “maro ireo tanàna manodidina an'i Toliara (...) no efa nahita ity tantara ity izay niteraka adihevitra teo amin'ireo mpijery rehefa vita ny fampisehoana”. Ny tantara izay mitondra ny lohateny hoe: “IFOTERAN'NY RAMBONY” no ambara eto.

TENY FAMARANANA

Nasongadina tamin'ity fanadihadiana ity ny maha-zava-dehibe ny karazana tantara tsangana iray antsoina hoe: “TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA”. Tsikaritra tokoa mantsy fa fitaovana mahomby tokoa izy eo amin'ny fanabeazana ny tantsaha ato anatin'ny Faritra Atsimo Andrefana, fa indrindra moa ireo izay tsy nahita fianarana ka mitoka-monina any amin'ny toerana lavitra any ireny.

Tsy zavatra noforoporonina fotsiny anefa ny fisian'izany tantara tsangana manainga fototra izany, fa napoitra avy tao anatin'ny fivoarana nisy teo amin'ny tantara tsangana. Koa mba hampazava azy bebe kokoa, dia tsy maintsy nafototra tamin'ny fanadihadiana ny momban'ny toetoetran'ny “Teatra” teo amin'ny vanin'andro nisehoany teo aloha sy ny fivoarany taty aoriana. Nofantarina tamin'izany ny fomba nandrafetana azy tamin'izay sy ny ankehitriny, ny tara-kevitra fonosiny ary ny fomba fampiharana azy. Tsapa àry, fa teo am-piandohana dia toa papango nipaoka sokatra isika raha nanatanteraka io teatra io: faly nahazo remby, nefa sahirana teny am-panidinana fa voakitika. Izany dia vokatry ny fakan-tahaka tsy narahina fianarana avy tamin'ireo vahiny nampiditra azy teto. Noho izany dia ny anjaran'ny sofina tamin'ny alalan'ny fanaovana tsianjery ny zavatra tenenina sy ny hira fotsiny no nameno ny sehatra, araka ny fanadihadiana efa nataon-dRAMIANDRASOA Jean Irénée, fa ny anjaran'ny maso kosa dia tsy nahafa-po⁹⁸. Nahitana fanafana ihany anefa izany taty aoriana noho ny fiezahana sy ny fikarohana nataon'ireo mpana-talentantsika, araka ny fanambarana nataon-dRAZAFIMAHATRATRA Noro: “toa nomen-danja koa tamin'ny alalan'ny fampiasana ny fitaovana sy ny fihetsika mifanaraka amin'ny hevitra tiana hampitaina ny anjaran'ny maso, hampifantoka tsara ny mpijery⁹⁹”. Teo vao nanomboka nihamaro ny olona nankasitraka ny tantara tsangana hataony fialam-boly sy fanovozany moraly. Koa io fahaiza-manao io no nohararaotina tsotsorina hifanaraka amin'ny filan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro. Izany hoe, tsy mipetraka ho fialam-boly sy fanovozana moraly ihany araka ny ahalalana azy no ilana ny tantara tsangana, fa lasa mamolavola toe-tsaina sy mitaiza olona hankany amin'ny fivoarana. Tsikaritry ny Biraom-paritra momba ny fanabeazana Afrikana ONU/SIDA izany, ka amin'ny alalan'ny “tantara tsangana ifarimbonana” no nanatanterahany azy, sady voatokana tamin'ny fanentanana amin'ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA ihany ny “tantara tsangana ifarimbonana” nataony.

⁹⁸ Auteur anonyme : en Gazety « Ny Fandrosoam-bovao » 1925, N° 15

⁹⁹ RAZAFIMAHATRATRA Noro 2002, tak 146

Io “tantara tsangana ifarimbonana” io indrindra no lalan-tsaina nitondra nankany amin’ny TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA. Miovaova araka ny olana misy eo amin’ny faritra ny votoatin-kevitra voizina ao anatin’ny. Io tanjony manokana miovaova araka ny toerana io no tsy itovizany amin’ny “tantara tsangana mitety vohitra”, fa ilay tantara tsangana ifarimbonana no saika mitovy aminy, kanefa ny azy dia aorian’ny fampisehoana no anatanterahana ny adihevitra andraisan’ny mpijery anjara.

Nohadihadina manaraka indray ny fomba fanatanterahana azy aty amin’ny Faritra Atsimo Andrefana, ka nojerena daholo ireo karazan’olona mandray anjara; ny mety ho toetoetry ny sehatra ahazoana manatanteraka ny fampisehoana; ary ny sokajin’olona izay miatrika izany. Hita araka izany vokatry ny fanadihadiana, fa tena natao ho an’ny vahoaka any ambanivohitra any mihitsy ny Tantara tsangana manainga fototra: na ny olona asaina hilalao an-tsehatra izany, satria ny fitenin’ny faritra anaovana ny fampisehoana no ampiasaina, na ny fombafomba sy ny hevitra lalaovina ao anatin’ny tantara, dia efa manondro ny toerana na ny faritra mazava tsara.

Nojerena farany amin’izany ny fahombiazan’io karazana tantara tsangana io raha amin’ny lafiny fanabeazana no resahina. Araka ny fanazavana eo ambony manko, dia ny tantaram-piainan’ireo mponina izay anatanterahana ny fampisehoana no aseho, ka lasa tsy mihevitra ny tenany ho ivelan’ny tantara ireo olona manatrika: ao ny mahatsapa tena ho very lâlana, ka manarin-tena noho ny fahitany ilay tantara; ao ny mahita fomba mety hahasoa, ka lasa mampihatra izany amin’ny fiainany; misy koa ny misalasala te-hifikitra amin’ny fahazarany, kanefa resy lahatra ihany amin’ny adihevitra ataon’ny maro aorian’ny fampisehoana. Tsy mahagaga raha tonga miova toetra ny ankabetsahan’ny olona izay nanatanterahana ny tantara tsangana manainga fototra. Ny tena mahatsikaiky anefa, dia ny fahaizan’ny mpanoratra piesy sy ny mpandrindra an-tsehatra mampitovy fijery amin’ireo mpilalao an-tsehatra, satria lasa votom-pinoana amin’ny hevitra tian-karoso ao anatin’ny tantara lalaoviny izy ireo. Ny vokatr’izany, dia ny fanohizan’izy ireo ny fanentanana na dia efa vita aza ny fampisehoana. Marihina anefa, fa izay mahay mamaky teny ihany no alaina ho isan’ny mpilalao an-tsehatra matetika; ireo olona ireo dia to-teny any anatin’ny fiaraha-monina misy azy satria nianatra, hono.

Arak’izany vokatry ny fanadihadiana izany, dia toa tsy ho sarotra loatra ny ho fampitovizana-tantana ny fivoarana misy eo amin’ny isam-paritra, raha jerena manokana ity fomba fanabeazana anankiray ity. Tsy ho vitan’ny fanatanterahan’olon-tokana ny safidiny sy ireo mpana-talenta irery ihany anefa izany, fa tokony hisy fiaraha-mientana avy amin’izay mangetaheta FIVOARANA rehetra, mba tsy hahatafahitsoka lalina ireo havantsika ireo.

BOKY NANOVOZAN-KEVITRA

A- BOKY ANKAPOBENY

- FOUQUET Emmanuel,
2001 *Dictionnaire Hachette Encyclopédique*, Paris
- MIARALET G,
1991 *Les sciences de l'Education*, édition Paris PUF
- RAKOTOHOVA,
1991 *Ny fahendrena Ntaolo*, édition Ambozontany Fianarantsoa
- RANAIVOSON Dominique,
2005 *Madagascar, Dictionnaire des personnalités Historiques*, édition Tsipika

B- BOKY MOMBA NY LITERATIORA

- ABBE Trublet,
1954 *Réflexion son divers sujets de littérature t de morale*, TII,
- HAYMAN Ronald,
1972 *Texte d'Arthur Miller, théâtre de tous les temps*, éditions GALLIMARD, Paris
- JOUBERT Jean Louis,
1992 *Littérature Francophone*, édition de l'Océan Indien NATHAN, Paris
- LANDIER Jean Claude et BARRET Gisèle,
1999 *Expression dramatique théâtres*, édition Hatier, France
- LAUFER Roger et LECHERBONNIER Bernard,
1975 *Littérature et langage*, édition Fernand Nathan, Paris
- LONG-CHAMP Philippe et VERRIER Jean,
1993 *Théâtre Acte IV*, édition GALLIMARD, Paris
- RAJAONA Siméon,
2000 *Takelaka notsongaina 2*, édition Ambozontany Fianarantsoa
- RAKOTOMAVO Andriananja Hery,
2005 *Ny fanabeazana maha olona Tarafina any amin'ny Amboaran-tononkiran'ny Tarika NY AINGA*, Mémoire de Maîtrise Université de Toliara, Ankatso

Antananarivo

- RAMIANDRASOA Jean Irenée,
1972 *Dramaturgie du théâtre malgache classique*, Montpellier
- RANDRIANIRINA Jean Claude Maddox,
2007 *Ny zafindraony karazan-dahateny hiraina Betsileo Faritra Ambalavao Tsienimparihy*, Mémoire de Maîtrise Université, Toliara
- RASOLOFOMASY Simon Seta,
2004 *Le Antsa Bara, un genre littéraire traditionnel Malgache*, Thèse de doctorat ès-lettres, Université de Toliara
- RAZAFIMAHATRATRA Noro,
2002 *Ny toetry ny teatre ankehitriny*, Mémoire de maîtrise Université Ankatso Antananarivo
- RAZAFINDRAVONY Harisoa Juliette,
2007 *La littérature Tambatra, une forme de la littérature Malgache contemporaine*, Thèse de Doctorat ès-lettres, Université de Toliara
- RIEL Jean,
1988 *Etude du Kora, une forme poétique de la littérature traditionnelle orale malgache*, Thèse de Doctorat, Paris XIII 1988
- SARTRE Jean Paul,
1979 *Qu'est ce que la littérature*, Edition Seniel, Paris

D- TAHIRIN-KEVITRA

- Bureau Régional pour l'Education en Afrique (ONU SIDA),
2003 *L'Approche culturelle de la prévention et du traitement du VIH/SIDA*, UNESCO, rue Miollis 75732 Paris cedex 15
- Coopération Suisse sy ny CFSIGE ary ny ONE,
2000 *Ny Komity mpandinika ny Fanabeazana ho an'ny Tontolo Iainana*

E- GAZETY BOKY

- GENURIN Emmanuel et TRULES Jean,
1664 *"Un opéra de l'Océan Indien"*,
- RANOE,
1999 *Ambioka*, Faribolana SANDRATRA

- Vintsy n° 44
2004 *Le sud*
- Vintsy n° 47
2005 *Population et l'Environnement*

F- GAZETY

- AORAHA, 27/03/2008
- AKO, Laharana 05
- Le JOURNAL, Laharana 100, 05/11/90
- FANASINA, Laharana 597, 27/03/1969
- SAKAIZAN'NY TANORA, Mai 1930
- Ny FANDROASOAM-BAOVAO, Laharana 15, 16 sy 110 23 -30/04/1925 sy 25/10/1933

FIZAHAN-TAKILA

TENY FANOLORANA.....	1
TENY FAMPIDIRANA	2
FIZARANA I: NY FIVOARAN'NY TANTARA TSANGANA EO AMIN'NY RAFITRA SY TARA-KEVITRA ARY MPANDRAY HAFATRA.....	5
I-1- Firafitry ny tantara tsangana.....	6
I-1-1- Tamin'ny vanim-potoana teo aloha : Fankann-tahaka s fiforetana anaty.....	7
I-1-2- Amin'ny androm-pivoarana: Vanim-potoana mitady ny very sy ny ankehitriny	9
I-2- Eo amin'ny tara-kevitra.....	11
I-2-1- Ny hevitra nivoizana azy teo aloha :	11
I-2-2- Eo amin'ny tolona amin'ny fampandrosoana	14
I-3- Ny fampiharana azy	18
I-3-1- Ny olona voatokana hijery teatra teo aloha.....	18
I-3-2- Fiitaran'ny olona iantefan'ny tantara tsangana.....	21
FIZARANA II: FOMBA ANATANTERAHANA NY TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA ATY AMIN'NY FARITRA ATSIMO ANDREFANA	25
II-1- Ny olona mandray anjara:	29
II.1.1- Ny mpanoratra piesy teatraly	29
II.1.2- Ny mpandrindra an-tsehatra sy ny mpisehatra:	34
II.2- Ny sehatra ilalaovana	38
II.2-1- Toerana malalaka misy aron-tsehatra	39
II-2-2- Toerana mahasintona mpijery:	42
II-3- Sokajin'ny mpijery.....	44
II-3-1- Ny olona tonga ho azy	44
II-3-2- Ny olona asaina hijery	46
FIZARANA III: NY TANTARA TSANGANA MANAINGA FOTOTRA FANOITRAN'NY FANABEAZANA.....	50
III-1- Ny antony mampahomby ny tantara tsangana manainga fototra eo amin'ny fanabeazana	51
III-1-1- Noho izy hita maso sy azo tsapain-tànana ny mpisehatra	52
III-1-2- Ny fahamarinan'ny zavatra aseho	54
III-2- Ny hafanan'ny sehatra	58
III-2-1 Fahaizana mampiasa ny sehatra sy ny fitaovana ilaina	58
III-2-2- Ny firindran'ny fihetsika amin'ny hevitra tian-kambara	61
III-3- Fahatsapana fahombiazana eo amin'ny mpijery	65
III-3-1- Manantitra sy manazava ny tantara ny mpijery eo am-panarahana azy.....	65
III-3-2- Mandray anjara amin'ny adihevitra rehefa aorian'ny fampisehoana.....	68
TENY FAMARANANA.....	74
BOKY NANOVOZAN-KEVITRA	76